KÔNGRESY EOKARISTIKA IRAISAM-PIRENENA 2021

«Ao Aminao ny loharanoko rehetra »

Ny Eokaristia : loharanon'ny fiainana sy ny asa fanirahana kristianina

Fandinihana ara-teôlôjia sy ara-pastôraly iomanana amin'ny

Kôngresy Eokaristika Iraisampirenena faha-52

hatao any Budapest, Hôngria

05 – 12 septambra 2021

1. TENY FAMPIDIRANA

1.1. Ny Kôngresy Eokaristika Iraisampirenena

Ny Kôngresy Eokaristika Iraisampirenena dia iray amin'ireo hetsika lehibe ampahibemaso ataon'ny Eglizy hampisongadinana sy hanomezana lanja ny anjara toeran'ny Eokaristia ao amin'ny fiainan'ny kristianina sy ao amin'ny asa ataon'ny Eglizy. Tamin'ny taona 1881 no nipoitra voalohany ny Kôngresy Eokaristika ary natao izy io mba hanomezam-boninahitra an'i Jesoa Kristy izay tena ao amin'ny Eokaristia marina sy hijoroana ho vavolombelon'ny fitiavany tsy misy fetra an'izao tontolo izao. Dingana ara-tantara maro nahabevoho ny ankohonampiainana kristiana nahafahana namaly ireo hetahetan'ny olona sy nandray anjara tamin'ny fanorenana tontolo mandala bebe kokoa ny maha-olona, mitandro ny rariny sy ny fandriampahalemana niainga avy amin'ny fankalazàna ny Eokaristia no vokatra naterany.

Efa nampiantrano Kôngresy Eokaristika Iraisampirenena sarotra hadinoina i Hôngria tamin'ny taona 1938, tao Budapest. 82 taona aty aoriana, dia hohavaozina eo amin'io toerana ihany ny zava-nitranga tamin'izany, saingy anatin'ny toe-javatra ara-tantara sy ara-piarahamonina hafa tanteraka.

1.2. Tany Hôngria

Efa tonga tany Hôngria hatramin'ny ela ka lalim-paka ny finoana kristianina. I Md Stéphane (1000-1038), mpanjakany voalohany no nampiditra ny vahoaka Hôngroà tao amin'ny ankohonampiainan'ny vahoaka kristianina tao Eorôpa.

Tamin'ireo fanjakàna nifandovàna tamin'ny vanimpotoana medievaly (tao anelanelan'ny taona 476 sy 1453), dia ny an'i Árpád no nanome olomasina maro indrindra ho an'ny Eglizy Katôlika; saingy vao tsy ela koa dia nisy martiry nanolotra ny ainy ho an'ny hafa. Nanohana ny vahoaka hôngroà tao anatin'ny tafiodrivotry ny tantara ny finoana kristianina, ny faharetana, ny fampianarana sy ny ohatra navelan'ny zoky ray amandrenin'izy ireo. Mbola misy heviny hatramin'izao izany ilay ohapitenenana hoe : « Ny lasanay no fanantenanay, ary i Kristy no hoavinay ».

Tamin'ny taona 1938 no nandrindra Kôngresy Eokaristika Iraisam-pirenena farany i Hôngria ka ny teny manentana tamin'izany dia ny hoe : « Ny Eokaristia, fatoram-pihavanana ». Feno zavamanahirana goavana ny tontolo tamin'izany fotoana izany ary mafy dia mafy ny faniriana fandriampahalemana teo anatrehan'ny ady lehibe vaovao izay noheverina fa tsy azo ihodivirana. Nohirain'ny mpino tao amin'ny Hira faneva tamin'izany ny lohahevitra mbola mitombina mandraka ankehitriny hoe : « Ampiombony ao amin'ny fiadanana ry Tompo ny vahoaka isanisany sy ny firenena ! » ary zary karazana hetsika

fanohanana ny fandriampahalemana eo amin'ny samy vahoaka sy fanoherana ny rahon'ady mitatao ny fandraisan'anjaran'ireo olona niisa tokony ho dimy hetsy tamin'ny prôsesiô sy ny Sorona Masina famaranana ny Kôngresy.

Tsy nahafahana nisakana ny ady erantany tsy hipoaka anefa izany rehetra izany, ary i Hôngria aza dia nizaka fahoriana sy fihafiana mafy maro. Taorian'ny ady dia nenjehina sy noporetin'ny fitondràna jadon'ny kômonista nandritra ny efapolo taona ny kristianina : noravàna ireo fikambanana sy kongregasiôna relijiozy, pretra sy mpino kristianina maro no naondrana tany amin'ny tobin'asa na nogadraina ; fampahoriana sy famonoana no nataon'ny fitondràna nilaza tena ho tsy mino an'Andriamanitra, natao ho fananam-panjakàna ireo sekoly katôlika afa-tsy sekoly ambaratonga faharoa dingana faharoa (Lycée) miisa valo, noraràna ny fivavahana, olona an-jatony maro no nandositra tany ivelan'io firenena io. Velona tany amin'ny zohim-pandevenana (catacombe) anefa ny finoana sy ny soatoavina kristianina ka dia nampitain'ireo ankohonampiainana tsy nanaraka ny lalàna napetraky ny fitondram-panjakana tamin'ny taranaka vaovao. Dia toy izany no nampihena izaitsizy ny isan'ny mpivavaka ; ny vokany : taranaka roa na telo no tsy nahita izany hoe fanabeazana ara-pivavahana izany. Io no fototry ny tsy fahalalàna ara-pivavahana miely sy ny tsy firaikàna amin'ny finoana ary matetika aza dia fototry ny fankahalàna ny Eglizy, vokatry ny fampielezankevitra nanoherana ny mpitondra tao amin'ny Eglizy am-polo taonany maro.

Rehefa tonga ny « fanafahana » sy ny fiovam-pitondrana tamin'ny taona 1989, dia famelanana indray teo amin'ny ara-pivavahana no hita tany Hôngria. Ny fiverenana tamin'ny demôkrasia dia nahafahana nanokatra indray ireo toeram-pitaizana ny ankizy madinika sy ny sekoly fanabeazana fototra, ny Lycée ary ny Oniversite Katôlika sy an'ny Fiangonana kristianina hafa. Niseho indray teo amin'ny sehatra pôlitika sy tamin'ny fanaovana lalàna ireo soatoavina kristianina sasany. Nisokatra sy nanaovana fanompoam-pivavahana indray ny maro tamin'ireo fiangonana, nisy fiangonana vaovao naorina aza ary nonerana tamin'ny ampahany ny fahasimbàna ara-pitaovana nahavoa ireo ankohonampiainana kristianina isan-tokony avy. Niverina nanatontosa ny asany tamin-kery nohavaozina ireo karazana endri-piainana voatokana ; niely nanerana ny firenena ny sampan'asa Caritas ary tsy nitsahatra nitombo ireo lahika nandray anjara tamin'ny fiainana iombonana teo anivon'ny Paroasy.

Nandritra ny telopolo taona taorian'ny 1989 anefa dia maro ny zavatra niova, niova ho ratsy koa. Tahaka ny niseho tany amin'ireo firenena kômonista teo aloha, dia nihalefy tao Hôngria koa ny fiainana ara-pivavahana sy ara-pinoana, noho ny fandraisan'ny fanjakana an-tanana ny andraikitra sy ny fitaovan'ny Fiangonana (sécularisation), noho ny fanesorana teo am-pelatanan'ny olom-piangonana lafin-javatra maro toy ny fampianarana (laïcisation), noho ny fikarohana sy fanenjehana diso tafahoatra ny metimety ara-materialy, noho ny fiheverana fa tsy misy soatoavina ara-môraly raikitra tsy azo hozongozonina fa miovaova arakaraka ny zavamisy izany (relativisma), noho ny fiheverana fa zavatra tsy misy ary tsy mety ho fantatra izay rehetra tsy azo anaovana fanandramana azo tsapain-tànana (agnosticisme). Nitarika ny fiakaran'ny salan-taonan'ny mpino sy ny fihenan'ny olo-mavitrika ara-pivavahana izany : ny 7 ka hatramin'ny 10 isan-jaton'ny mponina miisa 10 tapitrisa ihany mantsy no mandray anjara amin'ny Sorona Masin'ny Alahady any Hôngria. Miantraika amin'ny fiainam-pianakaviana sy ny antson'Andriamanitra ho pretra sy relijiozy io fikorontanana io: manano sarotra ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly amin'ny tanora. Manomboka tsy mahazo sehatra ary tsy mahita fahombiazana eo amin'ny lafiny ara-piarahamonina koa ny Eglizy, na dia mbola misy aza ireo olon-dehibe tsy mitsahatra miezaka mamaly sy mamaha ireo fanontaniana fototra mahakasika ny fiainana ka mitodika amin'ireo ankohonam-piainana kristianina.

1.3. Ireo tanjon'ny Kôngresy

Vanimpotoana tsara, miavaka amin'ny mahazatra ho an'ny mpino katôlika sy ho an'ireo akaiky azy ireo ara-kolotsaina sy ara-pisakaizàna, ahafahana miseho eo anatrehan'ny fiarahamonina hijoroana ho

vavolombelon'ny finoana no atolotry ny fiomanana amin'ny Kôngresy Eokaristika Iraisampirenena 2020 sy ny fankalazàna azy. Ny olona amin'izao vanin'andro izao mantsy, araka ny nolazain'i Md Paoly VI dia « mihaino an-tsitrapo an'ireo vavolombelona toy izay ireo mpampianatra, ary izy no hihaino ireo mpampianatra dia satria vavolombelona ireo »[1].

Araka izany dia zary hirika hanamafisan'ny katôlika ny finoany sy hizaràny fanantenàna, fiainana, hafaliana amin'ireo miray làlana aminy miainga avy ao amin'ny loharano eokaristikan'Ilay nitsangan-ko velona ny Kôngresy Eokaristika.

Rehefa mandray anjara amin'ny Eokaristia ny mpino dia mihamafy ny finoany, voaorina indray ny maha-kristianina azy, mihalalina ny fiombonany amin'i Kristy sy amin'ireo rahalahiny sy anabaviny na rahavaviny sy anadahiny. Dia toy izany no ahafahan'ireo kristianina mijoro ho vavolombelon'ny Fahamarinana eo anatrehan'izao tontolo izao amim-pitrakàna, am-pitoniana feno herimpo, am-pitiavana sy amin-kalemempanahy araka ny ohatra nasehon'i Kristy, eo anivon'ny fiarahamonina anjakan'ny jadon'ny *relativisma*.

Ankoatr'izay dia fotoana tsara hanamafisana orina ny fifanakalozankevitra eo amin'ny samy kristianina ny Kôngresy Eokaristika, amim-pahazoana antoka fa maro kokoa ny zavatra mampiombona noho izay mampisaraka. Tarihin'ny Fanahy Masina isika hihaino sy hahazo mba hamahàna ireo olana misokatra sy hitady ao anatin'ny fahamarinana ny lalan'ny hoavy. Ny fiarahan'ny kristianina mijoro ho vavolombelona ihany no ahafahana manolotra ny Vaovao Mahafalin'ny famonjena amin'ny tsy mpino. Amin'ireo olona isan-tsokajiny samy manana ny fari-piainany izay mitady an'Andriamanitra no ampiantefan'ny Kôngresy ny *kerigma*, fanambaràna voalohany ny Evanjely : Andriamanitra loharanon'aina dia tia ny zavaboaariny rehetra tsy misy fepetra. Izany no nanirahany an'i Jesoa Zanany, tonga olombelona tao an-kibon'i Maria Virjiny. Tamin'ny teniny sy ny hafany, tamin'ny Paka nahafatesany sy nitsanganany ho velona no namafàny ny fahotantsika ary noho ny asan'ny Fanahy Masina dia velona mandrakariva ao amin'ny Egliziny Izy. Izay tapa-kevitra amin-kalalahana fa hanome lamosina ny ratsy ary handray an'i Kristy ho Mpamonjy, amin'ny alàlan'ny Batemy dia miditra ao amin'ny fianakaviamben'ny voavonjy ary manorina ilay ankohonampiainan-dehiben'ny zanak'Andriamanitra.

Ao amin'ny Kôngresy Eokaristika eo amin'ny sehatra manerantany, dia misaora an'i Kristy isika ary omeo voninahitra Izy, ilay tokana hany afaka manome ny fiainana. Mivavaha isika mba hanerana, tsy an'i Hôngria fotsiny, fa ny firenena ao amin'ny faritr'i Eorôpa afovoany, an'i Eorôpa manontolo ary an'izao tontolo izao mihitsy ny hafaliana miboiboika avy amin'ny loharano eokaristika. Dia toy izany no ahitàn'ny tsirairay fotoana ihavaozana am-panahy, lalan-kizorana araka ny evanjely, sombim-pinoana mandresy ny fisalasalàna, tsirim-pahazavàna handresena ny alahelo, fitiavana kely handresena ny fitokana-monina sy ny elanelana.

2. «AO AMINAO NY LOHARANON'AINA»

2.1. Andriamanitra loharanon'aina

Faharesendahatra ifantohan'ny Baiboly manontolo ny hoe loharanon'ny aina tsirairay avy Andriamanitra, satria avy Aminy ny zavatra rehetra ilain'ny olona ho an'ny fiainany natoraly sy ho an'ny fiainany sopernatoraly[2]. Na ny sakafo ilainy ivelomana eto an-tany aza dia fanomezana avy Aminy. Ao amin'ny tantaram-pahariana ny olombelona izay tandindona ihany (*Jen* 2,4b-25) dia efa notsipihina tsara ny hoe tsy nahary ny olombelona fotsiny Andriamanitra fa nametraka azy tao amin'ny zaridainan'ny paradisa izay feno karazan-kazo mitondra voa sy tondrahin'ny ony efatra. Manan-trosa amin'Andriamanitra ny

[1] Papa Paoly VI, Fanentanana apôstôlika *Evangelii Nuntiandi* (EN) (1975), 41.

[2] Ireo mpino ao amin'ny Fiangonana bizantina dia miventy isa-maraina ao amin'ny vavaka fanamasinana ny andro ny hoe : « Ao aminao ny loharanon'aina, ny hazavanao no ahitanay hazavana ».

olombelona, tsy mikasika ny ainy fotsiny fa mikasika ireo soa rehetra ilainy mba ahafahany mivelona koa.

Ivon'ny fitantaràna ny dian'i Israely namakivaky ny taniefitra ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fikarakarana nataony. Izy Tompo ihany no niantoka tamin'ny alalan'i Môizy ny sakafo nilaina, niseho tamin'ny endriky ny mana sy ny papelika (*Eks* 16,1-15) ary niantoka ny rano navoaka avy amin'ny vatolampy (*Eks* 17,1-17 ; *Fan* 20,1-13). Ireo andalan-tSoratra Masina nipoitra taty aoriana dia miresaka an'io zavamisy io ho toy ny fanomezana noraisina mivantana avy amin'Andriamanitra. Miseho indrindra ohatra izany ao amin'ny Salamo : « nampitresaka vatolampy tany an-taniefitra izy ary nanome azy ireo rano hosotroina toy ny rano avy amin'ny hantsana lalina. Nampiboiboika korian-drano avy amin'ny vatolampy ary nampikararàna rano toy ny ony… Nampirotsaka mana toy ny orana teo amin'izy ireo mba ho sakafo Izy ary nanome azy ireo ny mofon'ny lanitra : nihinana ny mofon'ny mahery ny olona, nanome azy ireo sakafo miavosa Izy » (*Sal* 78,15-16.24-25). « Raha nangataka izy ireo dia nampiavy papelika Izy ary namoky azy ireo tamin'ny mofon'ny lanitra. Nampitresaka vatolampy sy nampiboiboika rano avy ao Izy : nikoriana toa ony tany an-taniefitra ny rano » (*Sal* 105,40-41).

Na dia nivoaka avy amin'ny vatolampy aza ny rano, araka ny lovantsofina, dia Andriamanitra mihitsy no loharano niaviany. Ny rano izany eto dia tsy hoe fisotro fotsiny fa tandindon'ny soa ara-panahy avy amin'Andriamanitra. Ao amin'ny andalana sasantsasany ao amin'ny Testamenta Taloha aza dia nahazo laka ny hevitra nanazavana azy io. « Ao aminao ny loharanon'aina, ny hazavanao no ahitanay hazavana », hoy ny mpanao salamo miaiky izany (*Sal* 36,10). Dia toy izany no aninian'i Jeremia mpaminany ny fivadihan'i Israely : « Roa ny heloka nataon'ny vahoakako : nandao Ahy loharano velona izy ary nandavaka fantsakana feno triatra, tsy mahatana rano » (2,13). Fa mendrika jerena manokana ny fampanantenana miendrika tononkira hita ao amin'i Izaia : « Indro fa Andriamanitra no famonjena ho ahy, matoky aho, tsy hatahotra aho, satria heriko sy hirako ny Tompo ; Izy no famonjena ho ahy. Hanovo rano amin-kafaliana eo amin'ny loharanon'ny famonjena ianareo » (12,2-3)[3].

Ireo andalan-tSoratra Masina rehetra ireo izany dia manambara fa Andriamanitra no loharano iavian'ny fanomezana rehetra ilain'ny olombelona ahazoana ny famonjena.

2.2. « Izay mangetaheta, tongava ka misotroa »

Ao amin'ny Testamenta Vaovao dia ny evanjelin'i Md Joany indrindra no mampiseho ny rano ho toy ny tandindon'ny soa ara-panahy. Izao no nambaran'i Jesoa tamin'ireo olona nihaino Azy tao an-tempolin'i Jerosalema, tamin'ny andro famaranana ny fetin'ny Tranolay : « Raha misy mangetaheta, aoka izy hanatona ahy ka hisotro. Araka ny voasoratra hoe : hiboiboika onin-drano velona avy ao amin'ny fony » (*Jo* 7,37-38). Nandritra ny fetin'ny Tranolay izay naharitra fito andro, dia tsaroan'ireo israelita tia vavaka ny dia tany an-taniefitra ary nasiany tsindrimpeo manokana tao anatin'ny fankalazàna ny rano, izay toy ny fanomezana noraisina tamin'Andriamanitra loharanon'aina. Nandritra ireo andro fito nanaovana fety ireo tokoa mantsy, raha vao maraina dia nanaraka an'ireo mpisorona sy ny levita nizotra nankany amin'ny dobon'i Siloe ny vahoaka, nandeha nanovo rano tamin'ny karazana siny mivolom-bolamena, sady mamerina ny hoe : « Hanovo rano amin-kafaliana any amin'ny loharanom-pamonjena ianareo ». Rehefa tafaverina tany an-tempoly izy ireo, dia araraka eo amin'ny ôtely ny rano. Eo ambany fanazavan'io fankalazana manetriketrika io no anambaran'i Jesoa ny tenany ho ilay loharano ambaran'ny tenin'ny mpaminany[4].

---

[3] Tsy maintsy marihina fa ao amin'ny boky faharoan'i Izaia koa no ahitàna ny hoe : « Ianareo rehetra mangetaheta, tongava eto amin'ny rano, na ianareo tsy manam-bola aza, avia, mividiana sy mihinàna ; avia, mividiana divay sy ronono tsy amim-bola » (*Iz* 55,1).

[4] Nanomboka tamin'ny andron'i Origène dia lasa nibahan-toerana ny fiheverana fa niboiboika avy ao amin'ireo mino an'i Kristy ireo onin-drano velona. Ankehitriny anefa dia heverin'ny mpahay Baiboly fa avy ao amin'i Kristy no miboiboika ireo onin-drano velona ireo, manana fototra ao amin'ny Testamenta Taloha izany ary

Aoka tsy hohadinointsika anefa fa ireo tenin'i Jesoa ireo dia ampifandraisin'ny mpanoratra ny evanjely amin'ny Fanahy Masina raisin'izay rehetra mino an'i Kristy miaraka amin'ny fanomezam-boninahitra Azy eo ambony hazofijaliana, miaraka amin'ny Paka nahafatesany sy nitsanganany ho velona. Eo ampiandrasana ny Pantekôty, dia efa mampita sahady ny Fanahiny i Jesoa eo ambony hazofijaliana, rehefa « nanolotra ny fanahiny – ny fara-fofon'ainy » (*Jo* 19,30)[5].

Ary nisy rano sy rà nivoaka avy ao amin'ny lanivoany notrobaran'ny lefon'ny miaramila iray (*Jo* 19,34) : ny batemy (rano) sy ny Eokaristia (rà) no ambaran'izany ao amin'ny lovampanahin'ny Eglizy, araka ny ambaran'ny prefasy amin'ny fankalazana ny fetin'ny Fo Masin'i Jesoa manao hoe : « rehefa nasandratra teo ambony hazofijaliana Izy, dia nanolotra ny ainy ho anay tao amin'ny fitiavany tsy misy fetra, ary nisy rano sy ra nikoriana avy ao amin'ny lanivoany notrebonin'ny lefona, tandindon'ny sakramentan'ny Eglizy, mba ahafahan'ny olona rehetra voasariky ny Fon'ny Mpamonjy manovo amin-kafaliana eo amin'ny loharanon'ny famonjena mandrakizay »[6].

Ny fandikana ny Ràn'i Kristy ho Sakramenta dia tohanan'ny fizaràna farany ao amin'ny lahateny mikasika ny « mofon'ny fiainana » hita ao amin'ny toko fahenin'ny evanjelin'i Md Joany, ilazan'i Jesoa fa sakafo ny tenany ary ny rany dia fisotro (6,53-58).

Mbola hita ao amin'ny taratasy voalohan'i Md Joany miaraka amin'ny Fanahy Masina koa ny rano sy ny rà : « Misy telo izy ireo no mijoro ho vavolombelona, dia ny Fanahy, ny rano sy ny ra, ary mifanaraka tsara izy telo ireo » (5,7-8). Tonga loharanom-pamonjena amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ny Batemy sy ny Eokaristia.

Ao amin'ny taratasiny ho an'ny Kôrintianina rahefa nampitodika ny mpamaky tany amin'ny dian'ireo ray amandreny tany an-taniefitra i Paoly, dia mampahatsiahy hoe : « Sakafo ara-panahy iray ihany no nohanin'izy rehetra, fisotro ara-panahy iray ihany no nisotroan'izy rehetra, tamin'ny vatolampy ara-panahy iray izay nambomba azy ireo tokoa mantsy no nisotroan'izy ireo, tsy iza izany vatolampy izany fa i Kristy » (1Kôr 10,3-4).

2.3. « Ao aminao ny loharanoko rehetra » (*Sal* 87,7)

Loharanon'aina ny Eokaristia, tsy ho an'ny kristianina tsirairay ihany fa ho an'ny Eglizy manontolo mihitsy, izay ankohonam-piainan'ny mpino koa. Mba hahatongavan'i Kristy ilay ankalazaina ao amin'ny Eokaristia ho loharano mandrakizay aza dia ilaina ny asa fanelanelanana ataon'ny Eglizy.

Mba hahazoantsika tsara an'izany dia ndeha hiverina any amin'ny Testamenta Taloha indray, dia ilay lahatsoratra nangalàna ny teny manentana an'ity Kôngresy Eokaristika Iraisampirenana ity. Tsy inona izany fa ny *Salamo* 87[7] izay tanisaintsika manontolo etoana :

> « Teo an-tendrombohitra masina no nanorenan'ny Tompo an'i Siôna,
> ary ankamamian'ny Tompo mihoatra noho ny fonenan'i Jakôba rehetra ny vavahadin'i Siôna.
> Zava-dehibe feno voninahitra no horesahin'ny olona ny aminao, ry tanànan'Andriamanitra !
> Hosinganiko manokana eo anivon'ireo mahalala Ahy i Rahaba sy Babela ;
> indro i Filistia sy i Tira mbamin'i Etiôpia : tao io no teraka !
> Izao no holazaina momba an'i Siôna :
> "na ny andaniny na ny ankilany dia samy teraka tao,
> ary Izy Ilay Avo Indrindra no manamafy orina azy".

---

mifandraika amin'ny fetin'ny Tranolay. Jereo R. SCHNACKENBURG, *Das Johannesevangelium II*, Freiburg 1980, 214; J. RATZINGER/BENOIT XVI, *Jésus de Nazareth*, Tome I, Flammarion, 2007, 289.

5 Jereo I. DE LA POTTERIE, *Studi di cristologia giovannea*, Genova 1986, 285.

6 Io Prefasy ao amin'ny Misely Rômanina io dia akon'ny hevitra navoitran'i Md Augustin ao amin'ny « Tractatus in Iohannis Euangelium », CXX, 2; in *Nuova Biblioteca Agostiniana* (NBA), vol. XXIV/2, p. 1912.

7 Ny laharan'ny toko ampiasaina eto dia araka izay hita ao amin'ny Baiboly hebrio. Raha ny Volgata sy ny Septanta no arahina dia *Salamo* 86.

Hosoratan'ny Tompo ao anatin'ny bokin'ny firenena hoe : 'tao no teraka io'.
Ka sady handihy izy ireo no hihira hoe : "Ao aminao ny loharanoko rehetra" ».

Voasokajy ho anisan'ireo « hiran'i Siôna » ity salamo ity, ivon'izany ny fifidianana an'i Jerosalema sy ny tombontsoa manokana ananany[8].

Araka ny voalaza ao amin'ny fiandohàn'io Salamo io dia tian'ny Tompo mihoatra noho ny toerana hafa rehetra ao amin'ny tanin'i Israely ny "vavahadin'i Siôna", izany hoe ny tanàna masina misy ny tempoly sy misy ny fonenan'ny taranak'i Davida mpanjaka[9].

Izy Tompo ihany no manolotra ny zom-pirenen'i Jerosalema ho an'ireo firenen-kafa mahalala Azy. Mendrika fijerena manokana ny fampanantenàna raketin'io salamo io noho ny antony anankiroa. Voalohany aloha dia i Ejipta (Rahaba) sy i Babilôna, fahavalo nitondra fahafatesana, izay nanaiky tamim-pinoana ny Andriamanitr'i Israely ary nahazo zo ho tonga mponin'ny tanàna masina, no manokatra ny lisitra. Manaraka izany dia mipoitra eto ireo lafy efatry ny tany : Ejipta/andrefana, Babilôna/atsinanana, Filistia sy Tira/avaratra, Etiopia/atsimo. Misolo tena an'izao tontolo izao izay mitodika amin'i Jerosalema tanàna masina ireo firenena dimy voatanisa ireo, noho ny fahalalàna an'Andriamanitra ; ireo firenena mpifanandrina teo aloha no indreo fa miombona sy mihavana. Amin'ny fiafaran'ny salamo, dia ireo firenena tafavory hankalaza an'Andriamanitra no manambara hoe : « Ao aminao ny loharanoko rehetra ».

Fa efa voarakitra ao amin'ny asa soratry ny mpaminany koa ny fiheverana hoe ho tonga loharanon-drano velona i Jerosalema sy ny tempoliny amin'ny fotoana farany. « Amin'izany andro izany dia hisy loharano miboiboika hanasana ny fahotàna sy ny fahalotoana, ho an'ny tranon'i Davida sy ho an'ny mponin'i Jerosalema », hitantsika ao amin'ny *Zakaria* 13,1 izany. Ao amin'ny bokin'i Ezekiela indray dia misy ilay faminaniana mikasika ny loharano mipoitra avy ao amin'ny lafy atsinanan'ny tempoly izay tonga ony maria sy azo lakanina (*Ez* 47,1-12). Ireo lahatsoratry ny mpaminany ireo, tahaka ny *Salamo* 87, dia manambara ny fiverenana amin'ny toe-piainana tao am-paradisa, miavaka manokana amin'ny habetsahana, ny fahavokarana sy ny fiadanana : « Hivelatra manomboka ao Siôna ny voaary vaovao mahavokatra, maitso mavana, feno hafaliana sy voatso-drano »[10].

Ny lovampanahy kristianina dia mampifandray ny *Salamo* 87 amin'ny Eglizy, resy lahatra izy fa ny Eglizy no tena Siôna, ilay « Jerosalema avy any an-danitra » (Jereo *Ga* 4,26; *Heb* 12,22–24) : « I Siôna dia tanàna teto an-tany, tandindon'ilay Siôna resahina, izany hoe ilay Jerosalema avy any an-danitra lazain'ny apôstôly hoe "renintsika rehetra" » (*Ga* 4,26)[11].

Ankohonampiainan'ny voavonjy avy amin'ny « foko amam-piteny ary vahoaka sy firenena rehetra » ny Eglizy (*Ap* 5,9), mitsaoka an'Andriamanitra « Fanahy sy fahamarinana » (*Jo* 4,24) ary tafaray manorina vatana iray. Hoy i Paoly apôstôly mampahatsiahy : « Moa ve tsy fiombonana amin'ny Ran'i Kristy ny kalisim-pisaorana anomezantsika voninahitra ny Tompo ? Ary ny mofo ifampizarantsika ve tsy fiombonana amin'ny Vatan'i Kristy ? Ary satria iray ihany ny mofo, dia vatana iray koa isika na dia maro aza : samy mandray anjara amin'ny mofo tokana tokoa mantsy isika rehetra » (1*Kôr* 10,16-17). Ny fandraisana anjara amin'ny Vatana sy ny Ran'i Kristy amin'ny fankalazana ny Eokaristia dia miteraka fiombonana tena izy amin'i Kristy ary manorina ny vatany, izay tsy iza fa ny Eglizy. Izay rehetra mandray anjara amin'ny sakramenta misy ny Vatana sy ny Ran'i Kristy dia tonga vatana iray, ankohonampiainana iray. Ny loharano anovozan'ny mpino dia tena antoky ny firaisana amin'izy samy izy.

---

8 Voaray ao anatin'ny hiran'i Siôna ny *Salamo* 46, 48, 76, 84, 87, 122.
9 G. RAVASI, *I Salmi II*, Bologna 1986, 800.
10 *Ibid*, p. 802.
11 «Erat enim quaedam civitas Sion terrena, quae per umbram gestavit imaginem cuiusdam Sion de qua modo dicitur, coelestis illius Ierusalem de qua dicit Apostolus: Quae est mater omnium nostrum» Cf. « Enarrationes in Psalmos, 86,2 » in *NBA*, vol XXVII/I.

3. NY EOKARISTIA, LOHARANON'NY FIAINANA KRISTIANINA

3.1. Ireo fototra ao amin'ny Testamenta Vaovao

Hatramin'ny niantombohan'ny tantarany, dia mankalaza ny Eokaristia ary mamaritra azy ho toy ny « Sakafon'ny Tompo – fanasàn'ny Tompo » (1*Kor* 11,20) sy « fizaràna ny mofo » (*Asa* 2,42) ny Eglizy, izay mahatoky amin'ny didin'ny Tompo hoe : « manaova izao ho fahatsiarovana Ahy » (*Lk* 22,19 ; 1*Kor* 11,24). Mampifandray ny misterin'ny eokaristia amin'ny zavanisy ara-tantara, dia ny sakafo hariva farany niarahan'i Jesoa tamin'ny mpianany sy amin'ireo fivoriam-pankalazàna nataon'ny Eglizy Apôstôlika ireo lohahevitra roa ireo.

Ny fanasàn'ny Tompo

Mampisongadina ny fomba nandraisana ny Eokaristia hatrany am-boalohany, ho toy ny hetsika hoenti-miaina ny misterin'ny Pakan'ny Tompo indray, ny andian-teny hoe « fanasan'ny Tompo » ; mampatsiahy izay rehetra nolazain'ny Tompo sy nataony tamin'ny alina namadihana Azy izy io.

Nanolotra ny tenany tamin'ny alàlan'ny fihetsika nataony tamin'ny mofo sy ny divay i Jesoa tamin'ny sakafo hariva farany, hetsika ara-paminaniana misantatra ny misterin'ny Paka, fahafatesana sy fiainana : ny tenany natolotra no ambaran'ny mofo novakìna, ny rany nalatsaka kosa no ambaran'ny divay nozaraina. Tanteraka tao amin'ny endriky ny sakafo « Raiso ary hano… Raiso ary misotroa daholo amin'izany » ilay fanolorantena ary zary fotoam-piombonana sy fotoam-pamelàna.

Araka izany dia miseho ho toy ny famoaboasana ny fisian'i Jesoa manontolo taloha sy taorian'ny zavanitranga tamin'ny Paka ilay sakafo farany ; fisiana mivelatra tahaka ny misterin'ny fiainana sy ny fahafatesana mba ahafahan'ny mpino mahazo ao Aminy ny fiainan'ny olona nitsangan-ko velona.

Tafiditra ao anatin'ny sehatr'ireo sakafo niarahan'ny Mpampianatra nihinana tamin'ny mpanota nandritra ny fisiany teto an-tany sy ao anatin'ny sehatr'ireo sakafo niarahany nihinana tamin'ny mpianany taorian'ny fitsanganan-ko velona ny sakafo harivan'i Jesoa farany. Raha nipetraka hihinana niaraka tamin'ny mpanota i Jesoa dia nanambara fa efa andalam-pahatanterahana miaraka Aminy ny famelana lolohalanitra nambaran'ny mpaminany ho an'ny vanimpotoana mesianika ary nasehony fa antsoina handray anjara amin'ny sakafo eskatôlôjikan'ny famonjena (izany hoe sakafo any am-parany any) ny olona rehetra (*Iz* 25,6). Raha ny amin'ny sakafo niarahan'ny Tompo nandresy ny fahafatesana nihinana tamin'ny iraika ambin'ny folo lahy indray, dia tsy ny handresy lahatra ny mpianatra mikasika ny fitsanganan-ko velona loatra no kendreny, fa mba hampatoky fa mbola manohy mitoetra eo anivon'ny olony amin'ny alàlan'ny sakafo famantaran'ny paka ny Tompo. Miharihary indrindra izany ao amin'ny endrika omena ny tantaran'ireo mpianatra roalahy tany Emaosy, izay manambara amin'ny fomba miavaka ny finoan'ny ankohonampiainana apôstôlika mikasika ny Eokaristia. Eo no miseho Ilay nandresy ny fahafatesana ary fantatra fa teo tokoa Izy tamin'ny fandraisana ny teniny sy ny fihetsika namakiana ny mofo niaraka Taminy.

Raha toa ka midika hoe miampita avy amin'ny fahafatesana mankamin'ny fiainana « tamin'ny nitiavany ireo azy hatramin'ny farany » (Jo 53,1) ny mankalaza ny Pakany ho an'i Jesoa dia, torak'izany koa, ny fankalazana-fahatsiarovana (mémorial) ny Eokaristia ho an'ny mpianany dia asa mampita tsy miato avy amin'ny fahafatesana mankamin'ny fiainana, anambaràna ny maha-eo anivon'ny Eglizy an'Ilay nandresy ny fahafatesana.

Ny « fizaràna ny mofo »

Zavatra efa nisy tao amin'ny tontolo jody io fomba fiteny io ary mampahatsiaro ny fiombonana izay tanteraka isaka ny mivory mba hifampizara ilay mofo iray sy hihinana amin'ny sakafo iray ny kristianina, ka tonga vatana iray dia ny vatan'i Jesoa Kristy.

Ny fizaràna ny mofo, ao amin'ny boky mitantara ny asan'ny Apôstôly dia nampidirina ao amin'ny sehatra iray mifono hevitra lalina mikasika ny Eglizy. Izay rehetra nandray ny finoana dia « nifampizara

ny mofo tany an-trano, nihinana tamin-kafaliana sy tamim-pahatsorampo » (*Asa* 2,46) ary « nazoto nihaino ny fampianaran'ny apôstôly sy nandray anjara tamin'ny fiombonam-pirahalahiana, tamin'ny fizaràna ny mofo sy ny fivavahana » (*Asa* 2,42).

Nampifandraisina tamin'ny fihainoana ny Tenin'Andriamanitra nentin'ireo tompon'andraikitry ny ankohonampiainana io fizarana ny mofo ho fahatsiarovana ny Paka vaovao io, sakafom-pirahalahiana (*agapè*) nifampizaràna ny soa sy ny vavaka niombonana nasandratra tany amin'ny Rain'i Jesoa Kristy, ilay Mesia nandrasana hatry ny ela.

Miaraka amin'ny fisaorana noho ny fanomezana noraisina, izany hoe ny sakafo, dia miaina ny maha-eo ny Tompo nandresy ny fahafatesana ny ankohonampiainana - traikefa mitohy amin'ny niainan'ny apôstôly sy ireo mpianatra tany Emaosy - ary mankalaza ilay zavaniseho nitondra fanavotana tanteraka indray maka tao amin'ny fahafatesana sy fitsanganan-ko velon'ny Mpamonjy. Faharesendahatra mitovy lenta amin'izany koa no hita ao amin'ny tantaran'ny fizaràna ny mofo nankalazain'i Paoly tao Trôasy nandritra ny dia misiônera farany nataony (*Asa* 20,7-8.11).

Ny fijoroan'i Paoly ho vavolombelona

Fa hatramin'ny taona dimampolo no nampitàn'i Paoly tamin'ny ankohonampiainana tao Kôrinto izay noraisiny tamin'izany fotoana izany, tamin'ny fotoana nibebahany sy nifandraisany tamin'ny ankohonampiainana tao Antôkia sy Jerosalema. Ao amin'ny taratasy voalohany ho an'ny Kôrintianina (11,17-34) dia tsy lavin'i Paoly fa vory hankalaza ny Eokaristia sakafon'ny Tompo ny ankohonampiainana tao Kôrinto. Fa ny zavadehibe ho azy dia ny hampahatsiahy an'ireo olona anoratany ny votoatin'ny Eokaristia, ny fomba tokony hinoana sy hankalazana ary hiainana azy.

Tao Kôrinto dia nialohavan'ny sakafo niraisana izay tokony hampisongadina ny fiombonam-pirahalahiana ny fankalazàna ny Eokaristia. Mifandraika tsara amin'ny trangan-javatra ara-tantara nankalazàn'i Jesoa ny sakafo hariva farany sy nahaterahan'ny Eokaristia izany. Nifandrohy faka tamin'ny firahalahiana sy firaisankina araka izany ny fivoriana eokaristika.

Io fivoriana io anefa, raha tokony ho nanambara fiombonana sy firaisankina tamin'ny mahantra, dia lasa hirika nampizarazara ny olona sy nampiharihary ny tsy fitoviana. Dia nolazain'i Paoly fa tsy « fihinanana sy fisotroana ny sakafon'ny Tompo » izany satria tsy maneho intsony ny tena hevitry ny sakafo hariva niarahan'i Jesoa nihinana tamin'ny mpianany. Tsy voahaja ny firahalahiana, tsy hita taratra tao amin'ny fankalazana ny zavatra nasain'ny Tompo hatao ahatsiarovana Azy ary notsinontsinoavina ny hevitra lalina raketin'ny Eokaristia.

Izany no anoloran'i Paoly indray izay noraisiny, izany hoe ny tantaran'ny sakafo hariva farany. Raha toa ka fahatsiarovana velona ny fahafatesan'ny Tompo ny Eokaristia, dia zary fidirana ao amin'ny fiombonam-piainana amin'ny Vatany sy ny Rànny ny fandraisana ny mofo sy ny divay, ary noho izany dia fahatongavana ho tena iray aminy. Tsy azo atao ny mandray ny Vatan'i Kristy natolotra sy ny Ràn'i Kristy nalatsaka raha tsy vonona hanatanteraka izay takìn'ny fiombonam-pirahalahiana ny mpino.

I Joany sy ilay mofon'aina

Fantatr'i Joany evanjelistra tsara ny fanaon'ny Fiangonana apôstôlika mikasika ny Eokaristia ary izy no tsy mitantara ny namoronana ny Eokaristia dia satria efa fantatr'ireo ankohonampiainany sy nampiasaina tao amin'ny Litorjia izany. Fa misy antony iray lalindalina kokoa anefa ao : manampy ny olona hahazo ny Eokaristia amin'ny sehatra mivelatra kokoa ny mpanoratra ny evanjely, dia ny traikefam-piainan'i Jesoa manontolo, Izy ilay tonga teo anivontsika mba hanome antsika ny fiainana, Izy ilay niverina any amin'ny Ray mba hitarihany antsika ho any Aminy.

Ny fiainan'i Jesoa dia tahaka ny fiampitàna iray lehibe araka ny Paka avy any amin'ny Ray mankamin'izao tontolo izao (fahatongavana ho nofo) sy avy amin'izao tontolo izao mankany amin'ny Ray (fahafatesana sy ny fitsanganana ho velona). Ao amin'io fiampitàna io no miseho sy tanteraka ny

famonjena ny taranak'olombelona. Ny lahateny momba ny mofon'ny fiainana (*Jo* 6) dia tafiditra ao anatin'io hetsika midina sy miakatra indray io. Mofo velona nidina avy any an-danitra ny Eokaristia ary mampiakatra ho any amin'ny Ray. Teo anatrehan'ny fanoherana nataon'ny Jody, dia mivelatra tsikelikely ny fandalinampinoana ataon'i Jesoa, tonga hatrany amin'ny fanambaràna mazava sakafo fihinana iray sy fisotro iray, izay faritana ho toy ny nofony sy rany natolotra mba hananan'izao tontolo izao ny fiainana : « tena fihinana ny nofoko ary tena fisotro ny rako… izay mihinana ny nofo sy misotro ny rako dia mitoetra ao Amiko ary Izaho ao aminy » (*Jo* 6,55-56).

Ny teny hoe nofo dia manondro ny fifandraisana akaiky misy eo amin'ny fahatongavana ho nofo sy ny hazofijaliana ary ny Eokaristia : ao aminy no ihinanan'ny mpino an'Ilay Zanak'Andriamanitra tonga olombelona ary maty ho antsika, ary ao amin'ny finoana no ivelomany Aminy sy ao Aminy, Izy Ilay nitsangan-ko velona. Dia toy izany no ampahafantaran'i Jesoa ny tenany amin'ny mpino ho toy ilay zanakondry natolotra ho sorona (nofo sy rà) sy fanomezan'ny famonjena lolohalanitra.

3.2. Fiampitàna avy amin'ny fanasan'ny Tompo mankamin'ny Eokaristia ankalazain'ny Eglizy

Tsy manana afa-tsy tantara vitsivitsy mikasika ny fizotran'ny Eokaristia tamin'ny vanimpotoanan'ny Aban'ny Eglizy isika[12]. Mampitsidika momba an'izany matetika i Ignace avy Antiôkia (†115) saingy tsy mampahatsiaro ny fizotran'ny fankalazàna izy. Ny tahirinkevitra voalohany miresaka mivantana momba ny Eokaristia dia ny *Didakè* izay mirakitra vavaka telo mifandraika amin'ny Eokaristia ary fitantaràna fohy iray mikasika ny sakafo hariva namoronan'ny Tompo ny Eokaristia[13].

Tokony ho tamin'ny taona 112 no nipoiran'ny fijoroana ho vavolombelona nataon'i Pline le Jeune, governora rômanina tany Bitinia sy Pônto tao amin'ny taratasy nosoratany ho an'ny amperora Traiano, ampatsiahivany fa mivory ny kristianina « tamin'ny andro iray voafaritra alohan'ny mangiran-dratsy ary nanao tononkira nifamaliana ho an'i Kristy » ary « nandray fahazarana hihataka tamin'ny maro sy hivory mba hisakafo amim-panajana ny rehetra, iombonana sy tsy amim-pananantsiny »[14].

Tokony ho tamin'ny taona 160 tany ho any vao voambara tamin'ny fomba mazava ny tena endriky ny fankalazàna ny Eokaristia, tao amin'ny Apôlôjia voalohan'i Md Justin, izay namaritana ny ankohonampiainan'ny vita batemy ho toy ny fivorian'olona manao fankalazana, ka mifampiarahaba amin'ny oro-piadanana ny olona, manolotra mofo sy divay, manandratra vavaka fiderana sy fangatahana lavalava amin'ny Ray amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Zanany izay valìn'ny rehetra hoe « Amen, Amen ! ». Manaraka an'izany dia miombona amin'ny tolotra nohamasinina ny olona ka anokanana anjara amin'izany ireo izay tsy tonga. Taty aoriana kelin'io dia nanolotra fintinkevitra mafonja ny amin'ny foto-pampianarana mikasika ny Eokaristia sy famariparitana ny Eokaristia ankalazaina amin'ny andron'ny masoandro, izany hoe ny Alahady, i Justin[15]. Efa hita taratra tao amin'ny fitsipika ekleziastikan'i Hyppolite fa efa nisy litorjia eokaristika mirindra voavolavola[16] tamin'ny fiandohan'ny taonjato fahatelo, niaraka tamin'ny fivavahana nankalazana ny asam-pamonjena notontosain'Andriamanitra tao amin'i Kristy tamin'ny fahatsiarovana eokaristikan'ny ankohonampiainana.

Nandritra ireo taonjato namaramparana ny vanimpotoan'ny *fahagolantany* (izany hoe taonjato fahefatra sy fahadimy taorian'i Jesoa Kristy) sy nanomboka ny vanimpotoana *medievaly* (izany hoe ny taonjato fahadimy sy fahenina) dia noraisina ho toy ny singa mandrafitra ny ankohonampiainana kristianina ny fankalazàna ny Eokaristia sy ny fandraisana anjara aminy.

---

12 Jereo J. A. JUNGMANN, *Missarum sollemnia*; Casale (1953), pp. 20 ss.
13 Jereo Didaché 9-10 e 14-15 in *Sources Chrétiennes* (Sch) 248/bis.
14 C. Plini Caecili Secundi, *Epistularum libri decem*, X, 96; Oxford (1963).
15 JUSTIN, « Apologie pour les chrétiens I » [Apôlôjia ho an'ny kristianina], 65.67 in *Sch* 507.
16 HYPPOLITE DE ROME, « La Tradition Apostolique 4 » [Ny lovampanahy Apôstôlika]; in *Sch* 11/bis.

Araka izany dia afaka migaga amim-pankasitrahana « ny fivoaran'ny endri-pankalazàna nanaovana fahatsiarovana ilay fotoan-tsarobidin'ny famonjena antsika arakaraka ny vanimpotoana » ao amin'ny tantaran'ny Eglizy isika. Nanomboka tamin'ireo endrika maro tamin'ny taonjato voalohany izany, izay mbola velona ao amin'ireo Eglizy tranainy Tatsinanana, ka hatramin'ny fielezan'ny ritoaly rômanina ; nanomboka tamin'ny fotoana nivoahan'ny torolalana vokatry ny Kônsily tao Trente sy ny Miselin'i Md Pie V ka hatramin'ny fanavaozana ny litorjia nentin'ny Kônsily Vatikana II : isaka ny dingana amin'ny tantaran'ny Eglizy, dia mamirapiratra ao amin'ny litorjia ao amin'ny hareny marolafy manontolo ny fankalazàna ny Eokaristia izay loharano sy faratampon'ny fiainany sy ny asa anirahana azy »[17].

3.3. Fintinkevitra tamin'ny vanimpotoana *medievaly*

Ampatsiahivin'ny Kônsily Vatikana II antsika, araka ny fampianaran'ilay « Docteur Angélique »[18], fa « ny sakramenta rehetra, tahaka ny asa fandraharahàna eo anivon'ny Eglizy sy ny asan'apôstôly, dia mifandray lalina amin'ny Eokaristia masina ary voalahatra hitodika Aminy. Voarakitra ao amin'ny Eokaristia masina tokoa mantsy ny soa ara-panahy rehetra ao amin'ny Eglizy, izany hoe Izy Kristy mihitsy, ilay Pakantsika, Ilay mofo velona »[19].

I Md Thomas d'Aquin no hanome ao amin'ny bokiny « La Somme » io fintinkevitra mikasika ny Eokaristia tamin'ny vanimpotoana medievaly io, izay ho zary môdely fototry ny fampianarana mikasika ny Eokaristia aty aoriana. Fomba fijery roa no tsipihin'i Thomas[20]. Voalohany dia Sakramenta manan-danja indrindra ny Eokaristia, satria ao anatiny marina tokoa i Kristy, raha toa ka tonga manampy antsika amin'ny alalan'ny fahasoavany sy ny heriny fotsiny Izy ao amin'ireo sakramenta hafa. Manaraka izany, ireo sakramenta hafa dia voalahatra ho amin'ny Eokaristia izay tanjona faratampon'ny fiainana ara-tsakramenta. Ny tanjon'ny sakramentan'ny Filaharana tokoa mantsy dia ny hampisy ny Eokaristia ; ny Batemy ary ny Fankaherezana amin'ny lafiny iray dia manomana amin'ny fandraisana azy ; ny sakramentan'ny fibebahana sy ny fanosorana ny marary dia mamela ny fahotàna ahafahana mandray amim-pahamendrehana ny Vatan'i Kristy. Ny fankalazana ny Eokaristia amin'ny sakramentan'ny fanambadiana izay famantarana ny firaisan'i Kristy sy ny Eglizy, dia manamafy ny fiombonan'ny mpivady amin'izy samy izy sy ny fiombonan'izy ireo amin'i Kristy.

Ao amin'ny fankalazana ny Eokaristia dia eo mihitsy ilay sorom-pamonjena notanterahin'i Kristy, ny Paka nahafatesany sy nitsanganany ho velona ; noho izany ny Sorona Masina dia sehatra sahaza itantanana sy izaràna ireo sakramenta hafa izay mampitodika amin'ny Eokaristia noho ny toetran'izy ireny manokana[21].

3.4. Ny fanavaozana prôtestanta sy ny Kônsily tao Trente

«Ry sakafo masina, anananay an'i Kristy ho sakafo, aharetan'ny fahatsiarovan'ny Pakany mandrakizay, vontom-pahasoavana ny fanahinay, ary nomena anay ny antoky ny voninahitra ho avy ». Ao amin'ny sasinkiran'ny vavaka hariva mialoha ny fankalazana manetriketrika ny Vatana aman-dRan'ny Tompo, dia ataon'ny Eglizy izay handrenesana ny figagany tsy miato noho ny zava-mahagagan'ny Eokaristia, ary fintininy ny finoana katôlika mikasika ny votoatin'io sakramenta io[22].

---

17 BENOIT XVI, Fanentanana Apôstôlika *Sakramentam-pitiavana* na *Sacramentum Caritatis* [SCa], 3.

18 Toy izany no niantsoan'i Md Pie V an'i Md Thomas d'Aquin tamin'ny taona 1567. Tao amin'ny Taratasy ansiklika *Studiorum Ducem* (AAS XV/1923, 309-326), dia nofaritan'ny Papa Pie XII hoe «Eucharistiae praeco et vates maximus» izy.

19 KÔNSILY VATIKANA II, Sori-dàlana momba ny *Raharahan'ny Pretra sy ny fiainany* na *Presbyterorum Ordinis* [RFP], 1965, 5.

20 Jereo TOMMASO D'AQUINO, *La Somma Teologica* [STH], Bologna 2014, III, q 65, a 3; vol. IV p. 781.

21 Jereo STH III, q 79, a 1; vol. IV p. 1007.

22 JOANY PAOLY II, Taratasy Apôstôlika *Mane nobiscum Domine* na *Mitoera eto aminay ry Tompo* [MND] (2004), 29.

Tsy hoe mirakitra fahasoavana tahaka ireo sakramenta hafa fotsiny ny Eokaristia fa Izy mihitsy no ilay mamorona sy manome fahasoavana, dia i Kristy ary ny asany mahavonjy, sorom-pamonjena ; noho izany dia izy no fanomezana lehibe indrindra[23].

Tsy nihevitra hanorina famelabelarana amin'ny ankapobeny sy feno mikasika ny Eokaristia ny Kônsily tao Trente fa niezaka namaha fotsiny ihany ireo olana napetraky ny fanavaozana[24] sy nitahiry ny fahamarinana manontolon'ny mistery.

Ny amin'ny maha-eo marina an'i Kristy ao amin'ny Eokaristia, dia mampianatra ny Kônsily fa « tena ao amin'ny Sakramentan'ny Eokaristia masina mendrika hajaina marina tokoa, araka ny maha-Izy Azy manontolo, ao am-badiky ny endrik'ireo zavatra hita maso, i Jesoa Kristy Tompontsika, aorian'ny fanamasinana ny mofo sy ny divay »[25].

Io fisiana marina maharitra io dia tontosa amin'ny alalan'ny « *transsubstantiation* » - fiovàn'ny votoatin-javatra : « amin'ny fanamasinana ny mofo sy ny divay dia tontosa ny fiovàn'ny mofo, amin'ny maha-izy azy manontolo, ho vatan'i Kristy manontolo sy ny divay, amin'ny maha-izy azy manontolo, ho ran'i Kristy manontolo. *Transsubstantiation* no iantsoan'ny Eglizy Katôlika amim-pomba sahaza sy marim-pototra an'io fiovàna io»[26].

Niaraka tamin'ilay voambolan'ny Kônsily tao Trente hoe *transsubstantiation* dia nisy ny sosokevitra vao haingana nanolorana ny teny hoe *transsignification* (fiovàn'ny heviny) sy *transfinalisation* (fiovan'ny tanjona). Mbola mety misy koa teny hafa azo anosohana hevitra izay mety hifanaraka bebe kokoa amin'ny kolontsaina moderna, mba hamariparitana io fiovàna tena misy sy mahagaga io. Na ahoana na ahoana anefa dia tsy misy amin'ireo voambolana ireo no afa-bela amin'ny fetra sy amin'ny toetra vonjy maika araka ny fiteny filôzôfikan'ilay voambolana hoe « *transsubstantiation* »[27].

Toy izao ny fampianaran'ny Kônsily tao Trente mikasika ny toetra maha-sorona ny Lamesa : « Tamin'ny sakafo farany, ny alina nanolorana Azy (1*Kôr* 11,23), mba hamelana ho an'ny Eglizy vadiny malalany, sorona hita maso (araka ny takìn'ny toetra maha-olombelona), izay nanomezana dikany an'ilay sorona nalatsa-dra natolotra indray mandeha monja teo ambony hazofijaliana, amin'ny fampaharetana ny fahatsiarovana azy hatramin'ny fiafaràn'izao tontolo izao sy amin'ny fampiharana ny fahombiazany mahavonjy amin'ny famelàna ny fahotàna ataon'ny olona isan'andro, dia nanolotra an'Andriamanitra Ray ny vatany sy ny rany, tao amin'ny endriky ny mofo sy ny divay, ilay Andriamanitra sy Tompontsika »[28].

Noho izany dia tsy sorona vaovao ny lamesa masina, raha izany mantsy dia toa hoe tsy nahomby ary tsy ampy ny sorona tokana aman-tany sy lavorary nataon'i Kristy (jereo *Heb* 10,12) fa fanehoana azy indray amin'ny endrika hafa : mampiditra antsika ao amin'ny ankehitriny mandrakizain'ny soron'i Kristy izy io. Ny hany averina dia ny asa ara-tsakramenta sy ny fahafahan'ny fanolorantenantsika ho tanteraka[29].

Ao amin'ireo voambolana milaza ny tena votoatin'ny teôlôjia medievaly, dia miavaka ny lohahevitry ny Eokaristia ho toy ny famantaram-piombonana, toetra mampiavaka manokana ny lovampanahy lehibe navelan'ny Aban'ny Eglizy izay notanisain'ny Kônsily araka ny fomba fijery môraly fotsiny : « Mampirisika am-pitiavan-dray ity Sinaoda masina ity sy mivavaka ary miangavy ny kristianina tsirairay

---

[23] « Lazaina hoe Hôstia ny Eokaristia noho izy mirakitra ny tenan'i Kristy, izay Hôstia mahavonjy », in *STH* III, q 73.a.4. ad 3; vol IV p. 912.

[24] Jereo H. DENZINGER, *Echiridion Symbolorum* [DH] sous la direction de P. HÜNERMANN, Bologne 2009[4], 1725.

[25] *DH*, 1636

[26] *DH*, 1651.

[27] C. GIRAUDO, *In unum corpus [Ao amin'ny vatana iray]*, Cinesello Balsamo 2000, p.453.

[28] *DH*, 1739–1740.

[29] Jereo C. JOURNET, *Le mystère de l'Eucharistie [Ny misterin'ny Eokaristia]*, Paris 1980, p. 33.

mba hiraisan'izy ireo indray maka sy hiraisan'izy ireo hevitra ny amin'io "famantaram-piraisana" io, ny amin'io "fatoram-pihavanana" io, ny amin'io simbolim-piraisampo aman-tsaina io, … »[30].

4. NY EOKARISTIA AO AMIN'NY KÔNSILY VATIKANA II

Taorian'ireo soridàlan'ny Kônsily tao Trente izay nanentana ny fandinihana teôlôjika sy ny fandalinampinoana tamin'ireo taonjato manaraka, dia avy amin'ny firohotana litorjika ny hery voalohany manosika mitondra fihavaozana. Niainga tamin'ireo zavatra takìna amin'ny lafiny pastôraly io firohotana io ka nitondra ny anjara birikiny, ankoatra ny tamin'ny lafin-javatra maro, tamin'ny fandraisana indray ny Eokaristia ho toy ny maha-eo ny asa mahavonjin'ny pakan'i Kristy sy tamin'ny fanomezandanja ny fitsipika fototry ny "fandraisana anjara mavitrika". Dia nanomana toeram-pamafazana vonon-kandray ny fintinkevitra vaovaon'ny foto-pampianarna mikasika ny Eokaristia niaraka tamin'ny asan'ny firohotana ara-Baiboly sy araka ny Aban'ny Eglizy izy io – ao amin'ny sehatra iverenana an-doharano sy amin'ny lovampanahy napetraky ny Kônsily Vatikana II. Na tsy namoaka lahatsoratra manokana momba ny Eokaristia aza anefa ny Kônsily Vatikana II dia niresaka momba izany ao amina tahirinkevitra maro, ivelan'ny Foto-pampianarana momba ny Litorjia.

4.1. Eokaristia : loharano sy faratampon'ny fiainana kristianina

Ny fankalazana ny Eokaristia ho an'ny Kônsily Vatikana II dia « loharano sy faratampon'ny fiainana kristianina manontolo »[31], « fototra iorenana sy kitro ifaharana »[32] ho an'ny ankohonampianana kristianina, « loharanon'ny fiainan'ny Eglizy »[33], « loharano sy tanjona tratrarin'ny asa fitoriana ny Vaovao Mahafaly »[34], « ivo sy faratampon'ny fiainana manontolon'ny ankohonampiainana kristianina »[35], « aminy no ivelomana sy itomboan'ny Eglizy amin'ny fomba tsy miato »[36].

Ny filazana fa « loharano ary faratampon'ny fiainana sy ny asa anirahana ny Eglizy » ny Eokaristia dia lalim-paka ao amin'ny fomba fitenintsika ka tonga sehatra ifanojoan'ny teôlôjia maro. Ao amin'ny Foto-pampianarana momba ny *Fiangonana Fahazavan'izao tontolo* izao ny fiandohàny, resahina ao ny maha-mpisorona iombonana ho an'ny mpino rehetra, toy izao no voalaza ao : « rehefa mandray anjara amin'ny Soron'ny Eokaristia, loharano sy faratampon'ny fiainana kristianina, ny mpino dia manolotra ho an'Andriamanitra ilay Soron'ny tenan'Andriamanitra ary manolotra ny tenany koa miaraka Aminy »[37].

Tsy hoe asan'ny vahoaka mpisorona vita batemy manontolo fotsiny ny Eokaristia fa endriny koa, izany hoe modely, lasitra na kibo nitoeran'ny Eglizy. Azontsika atao ny milaza izany amin'ny fiteny hafa hoe : « voarakitra ao amin'ny Eokaristia masina ny soa ara-panahy rehetran'ny Eglizy, izany hoe i Kristy

---

30 *DH*, 1649.

31 KÔNSILY VATIKANA II, Foto-pampianarana momba ny *Fiangonana Fahazavan'izao tontolo izao* na *Lumen Gentium* [*FF*], 1964, 11.

32 KÔNSILY VATIKANA II, *RFP*, 6

33 KÔNSILY VATIKANA II, Sori-dàlana momba ny *Ekiomenisma* na *Unitatis Redintegratio* [*EK*], 1964, 15.

34 KÔNSILY VATIKANA II, *RFP*, 5.

35 KÔNSILY VATIKANA II, Soridàlana momba ny *Adidy maha-Mpiandry Ondry ny Eveka ao amin'ny Fiangonana* na *Christus Dominus* [*AE*], 30.

36 KÔNSILY VATIKANA II, *FF*, 26.

37 KÔNSILY VATIKANA II, *FF*, 11 izay hita indray ao amin'ny Foto-pampianarana mikasika ny *Litorjia* na *Sacrosanctum Concilium* [L], 1963, 10 ; *AE*, 30 ; Soridàlana momba ny *Asa Fampielezana ny Finoana* na *Ad Gentes* [AFF], 1965, 9.39 ; *EK*, 15 ; *RFP*, 5.14 ; Fanambaràna momba ny *Asam-pamonjena ataon'ny Lahika* na *Apostolicam Actuositatem* [APL], 3 ; Foto-pampianarana ara-pitondrana *Ny Fiangonana manoloana ny Andro Ankehitriny* na *Gaudium et Spes* [*FAA*], 1965, 38. Jereo R. FALSINI, La liturgia «come culmen et fons»: genesi e sviluppo di un tema conciliare" *[Ny litorjia toy ny "faratampony sy loharano" : fiandohàna sy fivoaran'ny lohahevitra iray tao amin'ny Konsily]*, in AA.VV., *Liturgia e spiritualità [Litorjia sy fiainampanahy]*, Roma 1992, 27–49.

mihitsy, Ilay Pakantsika sy Ilay Mofo velona nanome ny fiainany ho an'ny olombelona tamin'ny Nofony novelomina sy mamelona noho ny herin'ny Fanahy Masina »[38].

Dia ampahafantarin'ny Kônsily ny Eokaristia, tsy amin'ny fifandraisany amin'ny Sorona eo ambony hazofijaliana fotsiny ihany fa amin'ny fifandraisany amin'ny misterin'ny Paka manontolo koa : « Tamin'ny alina namadihana Azy iny, tamin'ny sakafo farany, no nanorenan'ny Mpamonjy an'ilay sorom-pisaorana anolorany ny Vatany sy ny Rany, mba hampaharitra mandritra ny taonjato mifandimby ny sorona teo ambony hazofijaliana, mandra-piaviny, ary mba hanankinany amin'ny Eglizy vady malalany ny fahatsiarovana ny fahafatesany sy ny fitsanganany ho velona : sakramentam-pitiavana, famantaram-piraisana, fatoram-pihavanana, fanasana ankalazana ny Paka, ihinanana an'i Kristy ; ka safononoky ny fahasoavana ny fanahy, ary nomena antsika ny antoky ny voninahitra ho avy »[39].

Noho izany dia tsy vavaka fotsiny na hira ny Eokaristia fa fankalazana ny Paka, asa voalahatra tsy hoe mba hampisiana na hamokarana ny fisiana tena izy fa mba hanangonana indray ny harena raketin'ny misterin'ny Paka manontolo.

Ny zava-baovao iray hafa nentin'ny Kônsily dia ny fifandraisana tsy azo ravàna eo amin'ny latabatry ny Tenin'Andriamanitra sy ny latabatry ny Eokaristia. Singa iray mandrafitra ary tsy tokony hosarahina amin'ny fankalazàna ny Eokaristia ny Litorjian'ny Teny, izay ampifandraisina araka izay tratra amin'ny fitsinjaràna mandritra ny taona litorjika. I Kristy mantsy dia « ao amin'ny teniny, Izy mihitsy no miteny rehefa vakìna ao am-piangonana ny Soratra Masina »[40].

Ao amin'io rafitry ny fankalazana ny Eokaristia mizara roa io dia ny Litorjian'ny Teny no manambara ny tantaram-pamonjena notontosain'Andriamanitra raha ny Litorjia Eokaristika no mankalaza sy mahatonga eo an'io tantara io ao amin'ny faratampon'ny fotoany : ny fahafatesana sy ny fitsanganan'i Jesoa Kristy ho velona, ny Pakany be voninahitra. Manambara sy manao izay haha-eo ny famonjena ny tapany voalohany, fa manatanteraka azy amim-pahafenoana, amin'ny alàlan'ny fandraisana anjara ara-tsakramenta amin'ny Vatana aman-dRan'i Kristy, kosa ny tapany faharoa. Mamorona ao amin'ny mpiangona ilay toepanahy entanim-pinoana, izay mampisy heviny ny fankalazana ny famantarana ara-tsakramenta, ny Teny.

Asan'ny Fanahy Masina, izay nampitsimoka ny Teny ary nanamasina ny mofo sy ny divay mba hanovàna azy ireo ho vatana sy ran'i Kristy, io zavamisy tokana aman-tany io. « Tahaka ny itomboan'ny fiainan'ny Eglizy avy amin'ny fanatonana mitozo ny misterin'ny Eokaristia no maha-ara-drariny ihany koa ny anantenàna ainga vao ho an'ny fiainampanahy avy amin'ny fanajana mitombo hatrany ny Tenin'Andriamanitra izay maharitra mandrakizay »[41].

4.2. Manorina ny Eglizy ny Eokaristia

Araka ny Kônsily, ny Eokaristia dia mahatratra ny hafenoany ao amin'ny Eglizy araka ny fitenin'i mompera Henri de Lubac, zezoita frantsay (1896-1991), manao hoe : « Manorina ny Eglizy ny Eokaristia », izay mamerina amin'ny laoniny ny môdely eokaristika novelabelarin'ireo Aban'ny Eglizy. Ny Eokaristia dia zavamisy miaina, mamelona sy mampivoatra andraisan'ny Eglizy ny fanomezan'ny mofo sy ny divay voaova, mba hiovàny ho Vatan'i Kristy koa avy eo. Asaina handray ny vatana eokaristikan'i Kristy ny mpino tafavory mba ho tonga vatana eklezialiny, izany hoe ho vatany araka ny maha-Eglizy.

---

38 KÔNSILY VATIKANA II, *RFP*, 5.

39 KÔNSILY VATIKANA II, *L*, 47.

40 KÔNSILY VATIKANA II, *L*, 7. Ity laharana ity dia maneho amin'ny antsipiriany ireo endri-pisian'i Kristy ao amin'ny fankalazàna ny Eokaristia ; iray amin'ireo fanambaràn'ny Kônsily vaovao indrindra miohatra amin'ny fitiavambavaka tamin'ny vanimpotoana medievaly izy io.

41 KÔNSILY VATIKANA II, Foto-pampianarana mikasika ny *Fanambaràn'Andriamanitra* na *Dei Verbum* [*FA*], 1965, 26.

Io lafiny fiombonana eo amin'ny Eglizy mifototra amin'ny Eokaristia io dia novelabelarina tsara, indrindra ao amin'ny Foto-pampianarana mikasika ny *Fiangonana Fahazavan'izao tontolo izao* na *Lumen Gentium*. Raha atao jery maika hatrany amin'ny voalohany io tahirinkevitra io dia ahitàna fanambaràna goavana tahaka ity manaraka ity : « Ny firaisan'ny mpino izay mirafitra ho vatana iray ao amin'i Kristy dia tontosa sy asehon'ny sakramentan'ny Eokaristia »[42], izay mampahatsiaro ny tenin'i Paoly ao amin'ny *1Kor* 10,17. Aoriana kelin'izany dia noraisina indray io fehezankevitra io : « rehefa mandray anjara marina amin'ny vatan'ny Tompo amin'ny fizaràna ny mofo eokaristika isika dia voasandratra hiombona aminy ary hiombona amintsika samy isika : "Satria iray ihany ny mofo, dia vatana iray ihany no rafetintsika rehetra, rehefa samy mandray anjara amin'ny mofo iray" (*1Kor* 10,17). Arak'izany dia tonga rantsan'io Vatana io isika rehetra (jer *1Kor* 12,27), sy "mifampirantsam-batana" » (*Rm* 12,5)[43].

Tsy hoe manambara ny firaisain'ny Eglizy fotsiny akory ny Eokaristia fa manatontosa izany mihitsy : « rehefa mihinana ny vatan'i Kristy amin'ny kômonio masina ny mpino, dia maneho miharihary ny firaisan'ny vahoakan'Andriamanitra, izay ambaran'io sakramenta ambony indrindra io sy tanterahiny amin'ny fomba mahagaga »[44].

Fa ao amin'ny fizaràna miresaka momba ny adidin'ny eveka no ahitàntsika ny fanambarana manan-danja indrindra mikasika an'io lohahevitra io. Rehefa avy nofaritan'ny Kônsily mazava fa mitarika ho amin'ny jery tombana vaovao ara-teôlôjia mikasika ny Eglizy eo an-toerana ny ekleziôlôjia araka ny Eokaristia, dia izao no voalaza : « Ao amin'ny isan'ankohonampiainana mandray anjara amin'ny Ôtely, eo ambany fitarihana masin'ny eveka, no voatolotra ny fambaran'io fitiavana io sy ny firaisan'ny vatana mistika (vatana mahagaga vontom-piraisana amin'Andriamanitra), raha tsy eo io Vatana io dia tsy hisy famonjena. Ao amin'ireny ankohonampiainana ireny, na dia bitika sy mahantra ary miely etsy sy eroa aza, no misy an'i Kristy, ilay amin'ny heriny no irafetan'ny Eglizy iray, masina, katôlika, apôstôlika. "Tsy manao zavatra hafa tokoa mantsy ny fandraisana anjara amin'ny vatana sy ny ran'i Kristy afa-tsy ny manova antsika ho tonga izay raisintsika" »[45].

Taorian'ny Kônsily, dia nipoitra avy ao amin'ny fihaonambe manokan'ny Sinaodan'ny Eveka tamin'ny taona 1985 ny tolokevitra vaovao momba ny ekleziôlôjia eokaristikan'ny fiombonana ; noraisin'io Sinaoda io ho ivon'ny asany ny lohahevitra hoe "Eglizy fiombonana" : « Ny ekleziôlôjian'ny fiombonana no lohahevitra ivo sy fototra ao amin'ny tahirinkevitry ny Kônsily (…). Tsy inona izany fa ny fiombonana amin'Andriamanitra amin'ny alàlan'i Jesoa Kristy, ao amin'ny Fanahy Masina. Ao amin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny Sakramenta no ananana io fiombonana io. Ny Batemy no vavahady sy fototry ny fiombonana ao amin'ny Eglizy. Ny Eokaristia no loharano sy faratampon'ny fiainana kristianina. Ny fandraisana ny vatana eokaristikan'i Kristy dia manambara sy mamokatra, izany hoe manorina, ny fiombonana lalina eo amin'ny mpino ao amin'ny vatan'i Kristy izay tsy inona fa ny Fiangonana »[46]. Izany no hahafahan'ny Papa Joany Paoly II hilaza fa « misy fiantraikany lehibe amin'ireo fiandohàn'ny Eglizy mihitsy ny Eokaristia »[47].

---

42 KÔNSILY VATIKANA II, *FF*, 3.
43 KÔNSILY VATIKANA II, *FF*, 7.
44 KÔNSILY VATIKANA II, *FF*, 11.
45 KÔNSILY VATIKANA II, *FF*, 26.
46 Relatio finalis, II C 1; in *Enchiridion Vaticanum* 9, Bologne 1987, p. 1761.
47 JOANY PAOLY II, Taratasy ansiklika *Ecclesia de Eucharistia* na *Mivelona amin'ny Eokaristia ny Eglizy* [EE], 2003, 21.

5. FANKALAZANA NY EOKARISTIA : LOHARANO SY FARATAMPON'NY FIAINAN'NY EGLIZY

Toy izao no nampahafantarana ny firafitry ny fankalazana ny Eokaristia ao amin'ny *Présentation Générale du Missel Romain* : « Mizara roa ny Sorona Masina, ny Litorjian'ny Teny ary ny Litorjia eokaristika ; mifandrohy faka lalina izy ireo ka mirafitra ho fanompoampivavahana iray tsy mivaky. Ao amin'ny lamesa tokoa mantsy dia samy vonona na ny latabatry ny Tenin'Andriamanitra na ny latabatry ny Vatan'i Kristy, ka mandray fampianarana sy mahazo hery avy amin'izany ny mpino. Fa ankoatr'izay dia misy fombafomba entina hanombohana ary misy hafa entina hanakatonana ny fankalazàna »[48].

Latabatra roa no mandrafitra ny Sorona Masina[49], latabatra voahodidina fotoana ritoaly madinidinika kanefa dia ilaina mba hampifandanjàna ny fankalazana manontolo. Ireny rehetra dia tonga aty amintsika noho ny fomba amam-panao ara-pinoana feno harena sy naharitra nandritra ny taonjato maro, izay nodinihin'ny fanavaozana ny Litorjia napetraky ny Kônsily Vatikàna II tamim-pitandremana, mba hitarihana ny mpino « amin'ny fandraisana anjara feno fahatongavantsaina, mavitrika sy feno, ivelany sy anatiny, mirehidrehi-pinoana sy fanantenana ary fitiavana, fandraisana anjara irin'ny Eglizy mafy ary katsahin'ny toetran'ny fankalazana rahateo »[50].

Noho izany, ny fomba amam-panao litorjika, izay ankalazaina ao anatin'ny fahatokisan'ny Eglizy amin'ny hafatry ny Tompo (« Ataovy izao ho fahatsiarovana Ahy ») dia vokatra maharitra sy iankinan'ny aina nateraky ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly notanterahin'i Jesoa Kristy sy nankininy tamin'ny apôstôly mbamin'ny mpandimby azy ireo. Ampatsiahivin'ny boky mitantara ny Asan'ny Apôstôly ao amin'ny famintinana ny fiainan'ny ankohonampiainana apostôlika voalohany izany (*Asa* 2,42.46-47). Ampatsiahivin'i Paoly Apôstôly koa izany ao amin'ny fijoroany ho vavolombelona teo anatrehan'ny mponina tao Kôrinto (*1Kor* 11,23). Ataon'i Lioka kosa izay ahitàna taratra an'izany ao amin'ny tantaran'ireo mpianatra tany Emaosy (*Lk* 24,13-35) izay anehoana ny traikefan'ny mpianatra mikasika ny nitsanganan'ny Tompo ho velona amina toetra manokana mampiavaka ny litorjia eokaristika ankalazaina isaka ny Alahady.

Misy fanambaràna ny Pakan'i Kristy sy ny fiverenany, izay loharanon'aina, loharanon'ny finoana sy ny asa fanirahana, sekoly iombonana sy an'ny rehetra ho amin'ny fiombonana, hery manohana ny fitorianteny, ao amin'ny fihetsika litorjikan'ny fankalazàna. Mba hahitàna ny rakitsoa raketiny dia ndeha hiverenana ny làlana nizoran'ny fombafomba isaka ny fankalazana ny Eokaristia, ka ny metôda mistagôjika (fomba fitarihana ny olona hiditra ao amin'ny mistery amin'ny alàlan'ny fampandraisna azy anjara mivantana fa tsy fampianarana ara-tsaina fotsiny) no ampiasaina amin'izany[51].

5.1. Ny fankalazàna ny Eokaristia, loharanon'ny fiainana kristianina

a. Ny ritoaly fidirana sy fampidirana

« Rehefa tafavory ny vahoaka mpino »[52].

---

[48] *Présentation Générale du Missel Romain* [PGMR], 28. Amin'ny ankapobeny dia manaraka an'io rafitra io ny Litorjia any amin'ireo Eglizy samihafa : tsatsinanana, katôlika, ôrtôdôksa saingy misy fahasamihafàna izay harena amin'ny antsipiriany madinika.

[49] BENOIT XVI, *Sacramentum Caritatis* na *Sakramentam-pitiavana [Sca]*, 44. « Avy amin'ny latabatry ny Teny sy latabatry ny Eokaristia no andraisan'ny Fiangonana sy anolorany ny mofon'ny fiainana ».

[50] *PGMR*, 18.

[51] Izao no ambaran'ny Katesizin'ny Fiangonana Katolika ny amin'io : « Ny fandalinam-pinoana mikasika ny litorjia dia mikendry indrindra ny hampiditra ny mpino ao amin'ny misterin'i Kristy (mistagôjika mantsy izy io) noho izy miainga avy amin'ny hita maso mankamin'ny tsy hita maso, avy amin'ny zavatra mirakitra hevitra mankamin'ny hevitra raketiny, avy amin'ny sakramenta mankamin'ny mistery ». Jereo C. GIRAUDO, *In unum corpus*… cit.; P. DE CLERCK, *La celebrazione eucaristica. Senso e dinamica [Fankalazana ny Eokaristia. Hevitra sy hery]*, in M. BRUARD (a cura di), *Eucharistia*, Bologna 2004, pp. 379-397

[52] *PGMR*, 47.

Tena ilaina amin'ny fahazoana izay mandrafitra ny fankalazana ny Eokaristia ny teny lazain'ny *Présentation Générale du Missel Romain.* Ny vahoakan'Andriamanitra tafavory no sakramenta (famantarana mirakitra hevitra) voalohany ao amin'ny Sorona Masina. Io fiantsoana ny Eglizy io dia mihoatra lavitra ny fivoriana azo tsapain-tànana sy araka ny fiahian'ny isam-batan'olona ; Andriamanitra mihitsy mantsy no miantso raha ny tena marina. Tsy àry hazava ao an-tsain'ny mpino sy ny mpiandry ondry anefa io toejavatra io noho ny fifangaroan'ny antony ara-pinoana amin-javatra hafa. Anjaran'ny fomba fanao amin'ny fidirana ny manelanelana sy mampifandray ny hevitra kendren'ny nantsoina hankalaza sy ny zavatra takìn'ny fankalazana.

Ny fomba fanao amin'ny fidirana (hira, famantaran'ny hazofijaliana, ny fiarahabàna ny tafavory ataon'ny mpitarika, teny fitarihana, fifonana, voninahitra sy vavaka)[53] izay mampisy fifandraisana amin'Andriamanitra sy ny vahoaka, ary amin'ny mpino samy mpino, dia mampivelatra ny hery rehetra ao anatin'izy ireo sy mamonona izany amin'ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly amin'ny saina sy amin'ny fon'ny mpino.

Ny fanajàna ny Ôtely ataon'ny mpitarika ary ny famantaran'ny hazofijaliana dia mampiharihary ny toetra ara-tsakramentan'ny Ôtely sy ny vahoaka. Ny fiarahabana amin'ny teny fohy « Homba anareo anie ny Tompo », na amin'ny raikipohy hafa, dia maneho koa ny maha-eo anivon'ny olona an'i Kristy Nandresy ny fahafatesana sy ny misterin'ny Eglizy tafavory. Ireo endriky ny fifonana maro dia mivantana amin'Andriamanitra na amin'i Kristy mba hangatahana famelàna ny fahotàna ary antso ho amin'ny fibebahana fa tsy hoe fampatsiahivana na fitanisàna ny fahotàna. Aorian'ny Voninahitra, dia miteny ny pretra hoe « aoka isika hivavaka » ; manasa ny olona hivavaka mangina anatin'ny fotoana fohy izy amin'izany, alohan'ny hanaovany ny vavaka izay mampivondrona ny vavaky ny mpiangona amin'izay efa noraiketin'ny Eglizy. Ny « Amen » izay mamarana ny vavaka dia manambara ny finoana ny hatsaran'Andriamanitra izay mihaino ny fangatahan'ny vahoakany.

Amin'ny fombafomba fidirana no handrafetan'ny mpino ny fiangonana masina sy handraisany ny Vaovao Mahafaly fa « rehefa nateraka indray tsy tamin'ny masomboly mety lo, fa tamin'ny masomboly tsy mety lo, ho an'ny voninahitr'Andriamanitra velona, tsy tamin'ny nofo fa tamin'ny Fanahy Masina izy ireo dia mirafitra ho "taranaka voafidy, mpisorona manjaka, vahoaka masina, firenem-boavonjy… Dia ilay tsy vahoaka akory teo aloha nefa vahoakan'Andriamanitra ankehitriny" »[54].

b. Ny Litorjian'ny Teny

Dia miroso amin'ny latabatry ny Teny izay mahatonga ny fanambaràna ny Soratra Masina ho fihaonana mitondra fahasoavana amin'ny Tompo nitsangan-ko velona ny fiantsoana ny mpino hivory hankalaza ny Eokaristia[55].

Rehefa henoina ny Teny ambara amin'ny mpiangona mankalaza Litorjia, dia tafiditra ao anatin'ny fahamarinana tsy iadian-kevitry (lôjika) ny tantaram-pamonjena ny fankalazàna atao, anaovana traikefa eo anivon'ny Eglizy ny fanambaràn'Andriamanitra ary miditra ao amin'ny sekolin'i Jesoa, ilay hany mpampianatra marina, ny mpino.

---

53 *PGMR*, 46. «Ny tanjon'ireo fomba ireo dia ny hahatonga ny mpino tafavory ho ankohonampiainana, hahavonona azy ireo hihaino am-pinoana ny Tenin'Andriamanitra ary hankalaza am-pahamendrehana ny Eokaristia ».

54 Jereo KÔNSILY VATIKANA II, *FF na LG*, 9.

55 *PGMR*, 55: «Ao amin'ny vakiteny, izay hohazavaina amin'ny toriteny, dia miteny amin'ny vahoakany Andriamanitra, maneho aminy ny misterin'ny fanavotana sy ny famonjena ary manolotra sakafo am-panahy ; I Kristy mihitsy no eo amin'ny alalan'ny teniny, eo anivon'ny mpino. Raisin'ny vahoaka ho azy ao anaty fahanginana sy hira ny tenin'Andriamanitra, dia mifikitra aminy amin'ny alalan'ny fiekempinoana izy. Rehefa avy mivoky amin'izany izy dia manao ny ranombavaky ny mpino ho an'ny filàn'ny Eglizy manontolo sy ho an'ny famonjena an'izao tontolo izao ».

Mampianatra ny mpino hanao famintinana mampiray ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao ny Litorjian'ny Teny, araka ny irin'ny fampahafantarana momba ny fankalazana ao amin'ny Boky Famakianteny izay mampivelatra « bebe kokoa ny rakitsarobidin'ny Baiboly mba hamakiana amin'ny vahoaka izay tsara indrindra amin'ny Soratra Masina araka ny isan'ny taona voafaritra »[56].

Ny tsindrimandry lehibe azon'ireo Aban'ny Eglizy izay milaza fa miafina ao amin'ny Testamenta Taloha ny Testamenta Vaovao ary afa-tsarona tanteraka ao amin'ny Testamenta Vaovao ny Testamenta Taloha, no fototry ny fampiasana ny Soratra Masina eo amin'ny sehatry ny litorjia. Araka io hevitra io dia zary ivo ifantohan'ny resadresaka ifanaovan'Andriamanitra sy ny vahoakany ao amin'ny tantara ny fanambaràna ny Evanjely : « Tsy miteny ao anatin'ny fotoana lasa i Kristy fa amin'ny ankehitrinintsika, tahaka ny maha-eo azy ao amin'ny asa litorjika. Ao amin'io sehatra ara-tsakramentan'ny fanambaràna kristianina io, dia manampy antsika hankamamy, hankalaza ary hiaina tsara kokoa ny Eokaristia ny fahalalàna sy ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra »[57].

Ny fanambaràna atao amin'ny toriteny dia manampy ny mpino hanova ny fihainoana ho fandraisana ny Teny ka hanamasahana ny fahavononana hisokatra bebe kokoa amin'ny Evanjely sy hanampiana hiainana ny ohatra navelan'i Kristy, Izy Ilay nanolotra ny tenany tamin'ny Ray sy tamin'ny rahalahy[58]. Ny toriteny dia mikendry hanome ho an'ny mpino ny fahafahana hiombona amin'ny mistery ankalazaina, izay anton'ny fahatongavan'izy ireo teo.

Ny ranombavaky ny mpino izay « ampiasàn'ny vahoaka ny maha-mpisorona iombonan'ny vita batemy azy »,[59] ivavahany ho an'ny tenany sy ho an'izao tontolo, no mamarana ny Litorjian'ny Teny.

d. Ny litorjia eokaristika

Ny fiampitàna avy amin'ny litorjian'ny Teny mankamin'ny litorjia eokaristika dia manome vahana ny fifaninterahana (fifampitsofohana) eo amin'ny Teny sy ny Sakramenta ary manampy ny mpino hahatsapa fa manomana amin'ny Sakramenta ny Teny ary ny Sakramenta dia manatanteraka amin'ny fomba mahomby ny Teny.

Ny rafitry ny fankalazana ny litorjia eokaristika (fanatitra-vavaka eokaristika-kômonio) dia miendrika fanolorana indray amin'ny fombafomba araka ny litorjia ny asa nataon'i Kristy tamin'ny sakafo farany. Ny fanolorana ny fanatitra dia manambara mazava ny hatsaran'ny voaary rehetra, satria « ny vokatry ny tany sy ny vokatry ny asan'ny olombelona » dia natokana ho tonga sakramentan'ny Vatana sy ny Ran'ny Tompo. Loharano anovozana tsodrano izany, satria manokatra ny fo amin'ny fankasitrahana ny fijery mitodika amin'ny zavatra noharìna, ary noho ny fanolorana ny mofo sy ny divay, dia voaomana ny sakafo tena ilaina sy sahaza («*èpiousios*», Mt 6,11) ary avy any an-danitra.

Raha ny amin'ny vavaka fisaorana na vavaka eokaristika indray, izay fon'ny fombafomba litorjika manontolo, dia ndeha hafantoka amin'ny lafin-javatra anankiroa mifono hevi-dalina ny fijerintsika : dia ny anaminezy sy ny epiklezy.

Ny Anaminezy dia fotoana fahatsiarovana hankalazàna ny asan'Andriamanitra hanasoavana ny vahoakany. Izany no anombohana ny vavaka eokaristika amin'ny fideràna, fisaorana, fankalazana an'Andriamanitra noho ny teny sy ny asa nanavaozany ny tantaran'izao tontolo izao ao amin'ny toeram-pamonjena iray. Faratampony amin'ireo zavamahagaga nataony ho antsika ny fahatsiarovana ny Pakan'ny Zanany « malalany », « famantarana ny fanekempihavanana mandrakizay »[60].

---

56 KÔNSILY VATIKANA II, *L* na *SC*, 51.
57 *Sacramentum Caritatis [Sca]*, 5.
58 Jereo C. M. MARTINI, *Sia pace sulle tue mura [Fiadanana anie no ho ao anaty mandanao]*, Bologna 1984, pp. 128-129.
59 *PGMR*, 69.
60 *Vavaka fisaorana amin'ny Fampihavanana I*

Ny epiklezy, izany hoe ny fiantsoana ny Fanahy izay amin'ny alàlany no ahatanterahan'ny Sakramenta, dia manomboka amin'ny vavaka fiantsoana : « Eny, masina tokoa ianao ry Tompo, loharanon'ny fahamasinana rehetra, … arotsahy ny Fanahinao ho toy ny andon'ny lanitra hanamasina ireto fanomezana ireto… »[61]. Ovain'ny herin'ny Fanahy ho vatana sy ran'ny Tompo (epiklezy voalohany) ny mofo sy divay, amin'izay « izay rehetra mandray anjara amin'ity mofo tokana ity sy misotro amin'ity kalisy tokana ity … mba hatambatry ny Fanahy Masina ho vatana iray, ka ho tonga fanatitra velona ao amin'i Kristy, ho fiderana ny voninahitrao » (epiklezy faharoa)[62].

Amin'ny alalan'ny Fanahy no hankalazan'ny Eglizy ny Eokaristia, hanolorany ho an'ny tenany sy ho an'izao tontolo izao ny vatana ara-tsakramentan'ny Tompo Jesoa mba hahatonga ny rehetra ho vatana eklezialin'i Kristy (vatan'i Kristy mirafitra ao amin'ny Eglizy), vahoakany masina amin'ny alalan'ny fiombonana amin'ny mofo tokana.

Ny vavaka fisaorana eokaristika rehetra, na ny taloha na ny ankehitriny, dia mitondra mankamin'io fiorenan'ny Fiangonana io : ny fijoroan'ny ankohonampiainana kristianina ao amin'ny fiombonam-piainana ao amin'i Kristy sy amin'ny fizakàna ny anjara miaraka amin'ny rahalahy/rahavavy – sy anadahy/anabavy ao amin'ny finoana tokoa mantsy no vokatra manokana sy mampiavaka ny Sorona Masina.

Rehefa mandray anjara amin'ny vavaka fisaorana ny mpino dia midera, misaotra ary manome voninahitra ny Tompo. Ao amin'ny vavaka fisaorana ataon'ny Eglizy manontolo, loha sy vatana, amin'ny Ray noho ny asam-pamonjena notanterahiny fa indrindra noho ny nanirahany ny Zanany, dia manaraka an'i Jesoa, izay « rehefa nitia ireo mpianany teo amin'izao tontolo izao, dia nitia azy ireo hatramin'ny farany » (Jo 13,1), ireo olona tonga eo. Ao amin'ny fankalazàna mitozo ny Eokaristia, dia mianatra miteny miaraka Aminy toy izao izy ireo : « Vatako ity, atolotra ho anareo » ary tonga « tolotra velona iray ao amin'i Kristy ho fideràna ny voninahitrao »[63]. Araka izany dia mankalaza ny ivo velon'ny Evanjely soloin'ny misterin'ny Paka tena ny vavaka eokaristika.

e. Ny ritoaly manodidina ny Kômonio

Rehefa tapitra ny Vavaka fisaorana, dia tarihin'ny Rainay, ny fifanomezam-piadanana sy ny fizaràna ny mofo ho amin'ny fandraisana ny Kômonio, izay faratampon'ny Sorona Masina, ny mpino : manolotra ny tenany tanteraka amin'ny rahalahiny sy anabaviny i Kristy, mampandray anjara azy ireo ao amin'ny fiampitan'ny Paka, mamahana azy ireo sy mampiditra azy ireo ao amin'ny fiainan'ny Trinite. Ao amin'ny fandalinampinoana eokaristika araka ny Testamenta Vaovao, dia vatsy an-dàlana, sakafo ilain'ny sokajin'olona rehetra ny Eokaristia. Tsy natao hampamokatra na hiteraka fisiana eokaristika fotsiny ny asa fankalazana ny Eokaristia fa hampiombona, hanampy ny mpino hiditra ao amin'ny lôjikan'ny fiainan'Ilay nanolotra ny tenany ho sakafon'ny olona. Noho izany dia tonga asa iombonana amin'ny fanomezan'ny Tompo ny Eokaristia, manosika antsika hanana fitondrantena toa an'i Jesoa « Ilay nanana ny toetran'Andriamanitra kanefa tsy nihevitra ny fitoviany amin'Andriamanitra ho tombontsoa tsy azo nesorina taminy » (*Fil* 2,5-6). Ny filaharana ataon'ny rehetra hanatona ny Sakramenta mba handray ilay mofon'aina, Ilay Amen izay manamafy amin'ny fombany manokana ny finoana mitovy ananan'ny Eglizy, ny hira sy ny fahanginana iombonana natao hisaorana, ireny rehetra ireny dia zary loharanom-pitiavana ho an'ny fiainan'ny mpino : ao amin'ny fiombonana amin'i Jesoa mofon'aina mantsy no mipoitra ny fahavononana hanorina ny firahalahian'ny samy olombelona.

61 *Vavaka fisaorana II.*
62 *Vavaka fisaorana IV*
63 *Vavaka fisaorana IV.*

f. Ny ritoaly famaranana

Fanirahana ho any amin'ny fiainana sy ho amin'ny asa fanirahana no mamarana ny Sorona Masina. Ny vavaka aorian'ny Kômonio dia mirary mba hampiharihary ny endri-baovaon'ny maha-olona an'ireo mpianatry ny Tompo. Mamintina ny haren'ny fanomezan'Andriamanitra niainana nandritra ny fankalazana ny tsodrano famaranana, ary manao izay hahatonga azy ho vatsy masina ahafahana mijoro ho vavolombelona amin'izao tontolo izao. Ny fampodiana ny mpiangona (« *Vita ny Lamesa. Mandehàna am-piadanana* » avy amin'ny teny italianina izay nadika hoe « *Hitantana ny diantsika anie i Kristy* » ao amin'ny litorjiantsika) dia sady fanasana hitahiry ny fanomezana noraisina no fanirahana an'ireo nandray anjara tamin'ny Sorona Masina handeha hampiditra ny Fanahy noraisina nandritra ny fankalazana amin'ireo zavamisy amin'izao tontolo izao : « Concéde nobis, omnípotens Deus, ut de percéptis sacraméntis inebriémur atque pascámur, quátenus in id quod súmimus transeámus » – « Ry Andriamanitra mahefa ny zavatra rehetra ô, enga anie izahay izay nisotro sy nivoky tamin'ny sakramenta noraisinay mba ho tonga Ilay noraisinay »[64].

5.2. Ny fanajàna ny Eokaristia ivelan'ny Sorona Masina

Ny fanajàna ny Eokaristia ivelan'ny Sorona Masina dia fehezin'ny *Ordo* (fitsipika) namboarina manokana ho an'izany mitondra ny lohateny hoe : *De sacra comunione et de cultu mysterii eucaristici extra missam*[65] *[Ny amin'ny Kômonio masina sy ny fanajàna ny msiterin'ny Eokaristia ivelan'ny Sorona Masina]*. Koa sady mandika araka ny fomba litorjika ireo fitsipika nambaran'ny Instruction *Eucharisticum mysterium* io ritoaly io no manolotra ihany koa ireo masontsivana ilaina ho an'ny fandrindràna ny fanajàna ny Eokaristia izay nipoitra avy amin'ny fomba fijerin'ny Kônsily Vatikàna II mikasika ny Eokaristia. Misy heviny lalina araka izany ny filaharan'ireo Toko telo lehibe mandrafitra ny ritoaly : ny kômonio tsy misy Sorona Masina ; ny kômonio sy ny vatsy masina ho an'ny marary ; ireo endrika maro isehoan'ny fanajàna ny Eokaristia. Ao amin'ity toko farany ity indrindra no ahitàna ny fampahafantarana ny hevitry ny fitsaohana miaraka amin'ny valin'ireo fanontaniana marobe momba ny fampiharana azy. Lafiny fototra iray tsy azo tsinontsinoavina izy io.

Raha notehirizina mba hitondràna kômonio ho an'ireo tsy tonga nivory sy ho an'ireo marary ho toy ny vatsy masina ny mofo voahasina, araka ny porofoin'ny fomba nifandovàna hatramin'ny ela, dia izao kosa no lazaina mikasika ny fanajàna ny Eokaristia : « ny fankalazàna ny Eokaristia ao amin'ny Sorona Masina no tena fiandohàna sy tanjon'ny fanajàna ny Eokaristia ivelan'izany »[66].

Ary satria « ivon'ny fiainana kristianina manontolo » ny fankalazàna ny Eokaristia, dia tsy maintsy atao andry maso manokana ny « isehoan'ny fifandraisan'ny fanajàna ny Sakramenta Masina indrindra amin'ny Sorona Masina amin'ny fomba mazava amin'ny alàlan'ireo famantarana »[67].

« Ny asa fitsaohana ivelan'ny Sorona Masina – hoy ny Papa Benoit XV mampahatsiahy – dia manohy sy manamafy izay natao tao amin'ny fankalazàna litorjika. Ao amin'ny fitsaohana ihany tokoa mantsy no ahafahana manamasaka ny fandraisana tena izy sy lalina. Ao amin'io asa ihaonan'ny tsirairay amin'ny Tompo io no mihamatotra ny asa fanirahana eo anivom-piarahamonina izay voarakitra ao amin'ny Eokaristia sy te hanapaka ireo sakana, tsy ireo mampisaraka antsika amin'ny Tompo fotsiny ihany fa indrindra ireo mampisaraka antsika amin'ny hafa »[68].

Ny hevitra fototra tsy azo ialàna mampifandray ny fankalazàna ny Eokaristia sy ny fanajàna ny Eokaristia ivelan'ny Sorona Masina no ahafahana manome sehatra an'ity farany. Noho ny fifandraisana tsy azo

---

64 Vavaka aorian'ny Kômonio amin'ny Alahady faha 27 mandavantaona ao amin'ny Misely Rômanina.

65 SACRA CONGREGAZIO PRO CULTU DIVINO, Rituale Romanum (21 iunii 1973), « De Sacra Communione et de Cultu Mysterii Eucharistici extra Missam [Rituale] », in *Enchiridion Vaticanum IV*, pp. 1624-1659.

66 *Ibid*., 2.

67 *Ibid*, 82.

68 *SCa*, 66.

ihodivirana mampiray ny fanajàna ny Eokaristia sy ny fankalazàna ny Eokaristia dia « aoka hialàna amim-pitandremana fatratra izay mety hanamatroka ny fanirian'i Kristy tamin'ny namoronany ny Eokaristia, dia ny faniriany hahatonga izany ho sakafo, fanafody ary fankaherezana eo am-pelatanantsika »[69]. Izany no anitrikitrihana ny « hametrahana ny siboara sy ny *ostensoir* eo amin'ny latabatry ny Ôtely », izay amaritana mazava fa ny Ôtely anaovana ny Fankalazàna no toerana itsaohana ny Eokaristia[70]. Noho io antony io dia ao amin'ny fiangonana na lasapelina izay ankalazàna ny Teny sy ny Eokaristia, raha ny tena marina, no anaovana ny fanajàna ny Eokaristia ivelan'ny Sorona Masina.

Ny fifandraisan'ny fankalazàna ny Eokaristia sy ny fanajàna ny Eokaristia ivelan'ny Sorona Masina dia tsy hoe manampy antsika hanipika fotsiny ny fisian'ny Tompo marina fa manosika antsika hihevitra am-pitandremana ireo lafy maro hafan'io mistery io izay efa niharihary ny fahamarinany na nobeazin'ireo zavabaovao nentin'ny Teôlôjian'ny taonjato faha-XX voho. Satria « tsy hoe fiampitàna avy ao amin'ny tsy fisiana mankamin'ny fisian'i Kristy fotsiny no hita ao amin'ny Eokaristia fa fiampitàna avy amin'ny endri-pisiany marolafy mankamin'ny fahatsiarovana mahatanteraka indray (memorialy) ny fanoloran-tenany ho Sorona, dia miditra amin'ny fiombonana Aminy isika amin'izay, dia Izy izay manolotra ny tenany ka mampandray anjara antsika amin'ny fanekempihavanana vaovao amin'ny Rany »[71].

Ilaina noho izany ny famelana ny tenantsika hovolavolain'ny fomba fijery tsy miangatra sy marina mikasika ny misterin'ny Eokaristia, izay fahatsiarovana mahatanteraka indray ny Pakan'ny Tompo loharano nipoiran'ny Eglizy : raha toa ka mofo iray ihany ny Teny sy ny Eokaristia izay hohanina sy ivelomana, endrika roa mifanilo isehoan'ny mistery iray ihany, dia tsy azo avela mihitsy ny famakiana andalan-tSoratra Masina vitsivitsy mandritra ny fanajàna ny Eokaristia, ka tsara raha amin'ireo voalahatra ao amin'ny lamesan'iny andro iny no akàna izany.

Farany, ary satria fahasoavana manokan'ny Eokaristia ny fanorenana ny Eglizy Vatana, dia manana lafiny ara-piombonana koa ny fanajàna ny Eokaristia, lafiny mihoatra ny dingana ataon'ny tsirairay ifandraisany manokana amin'ny Tompo fotsiny »[72].

Ireo karazana fitiavambavaka tonga eto anivontsika amin'ny ankapobeny dia niainga tamin'ny teôlôjia eokaristika manome vahana diso be loatra ny isam-batan'olona[73]. Ankehitriny, « satria ivo sy faratampon'ireo endrika rehetra isehoan'ny fitiavambavaka ny fankalazàna ny Eokaristia, dia harindra araka ny ekleziôlôjia eokaristika mitodika mankamin'ny fiombonana ihany koa ny fitiavambavaka amin'ny Eokaristia, nohafatrafarana sy nampirisihin'ny Ansiklika *Ecclesia de Eucharistia [Mivelona amin'ny Eokaristia ny Eglizy]* sy ny Fanentanana apôstôlika taorian'ny Sinaody *Sacramentum caritatis*[74].

Ao amin'ny sehatry ny antso anivon'ankohonampiainana hitsaoka ny Eokaristia, dia manana anjara toerana koa ny fitsaohana ataon'ny tsirairay mpikambana ao amin'ny *Institut de Vie Consacrée*, ny fitsaohana ataon'ny mpino isanisany sy ataon'ireo tanora marobe manokana fotoana ivavahana eo anatrehan'ny Sakramentan'ny Ôtely. Mametraka ny tenany eo ambany fijery feno fitiavan'i Jesoa ao

---

69 *Rituale Romanum*, 82.

70 SACRA CONGREGATIO RITUUM, Instructio (1967) Eucharisticum Mysterium [Torolàlana Misterin'ny Eokaristia], 62; in *Enchiridion Vat. II*, p. 1149.

71 L. GIRARDI, «"Del vedere l'ostia". La visione come forma di partecipazione » [Ny amin'ny fijerena ny Hôstia. Ny fijerena toy ny endriky ny fandraisana anjara], in *Rivista Liturgica* 87 (2000), p. 445.

72 Jereo D. MICHLER, *L'adorazione eucaristica. Riflessione teologica e progetto pastorale [Ny fitsaohana ny Eokaristia. Fandinihana teôlôjika sy vina pastôraly]*, San Paolo, Cinesello Balsamo 2003, pp. 58.

73 W. KASPER, « Ecclésiologie eucharistique: de Vatican II à l'exhortation Sacramentum Caritatis » *[Ekleziôlôjia eokaristika : manomboka amin'ny Kônsily Vatikana II hatramin'ny fanentanana Sakramentam-pitiavana]*, in *L'Eucharistie don de Dieu pour la vie du monde [Ny Eokaristia fanomezan'Andriamanitra ho an'ny fiainan'izao tontolo izao]*. Actes du Symposium international de théologie. Congrès eucharistique, Québec, Canada, 11-13 juin 2008; CECC Ottawa, 2009, p. 211.

74 BENEDETTO XVI, « Ad Plenariam Sessionem Pontificii Comitatus Eucharisticis Internationalibus Conventibus prove-hendis », in *AAS* 102 (2010), pp. 900-902.

anaty fahanginana izy ireny ary noho ny fanomezan'ny Fanahy Masina, dia ankatoavin'izy ireo tanteraka ny fisian'i Jesoa ao amin'ny mofo nozaraina. Miteraka fideràna mipololotra amin'izao, fisaorana, faniriana hiombona lalina amin'ny Tompo, fivavahana ho an'ny Eglizy sy ho an'izao tontolo izao ny fandraisana ny Tompo nitsangan-ko velona[75].

Dia amin'ny alàlan'ny fijanonana hivavaka eo anatrehan'ny sakramentan'ny Eokaristia no hihamasahan'ny firotsahana feno fahalalahampo amin'ny fiainana kristianina hijoroana ho vavolombelon'ny Evanjely ao amin'ny tontolo ankehitriny feno pitsopitsom-pahasarotana maro.

6. NY EOKARISTIA, LOHARANON'NY FIOFOAN'NY ZAVABOAARY

6.1. Ny hevitra mahafihina an'izao tontolo izao ao amin'ny Eokaristia

Famintinana sy ivon'ny misterin'ny finoana rehetra ny misterin'ny Eokaristia. Izy no ifantohan'ny Soron'i Kristy tamin'ny Paka, ny fijaliany mahasambatra, ny fahafatesany mahavonjy ary ny fitsanganany ho velona be voninahitra. Ao aminy no tanteraka sy mihitatra amin'ny tontolo rehetra ny fampivondronana ny zavatra rehetra nosantarina tao amin'ny fahatongavan'i Kristy ho nofo : « Tao Aminy, tamin'ny alàlan'ny Ràny no nahazoantsika ny fanavotana, ny famelàna ny fahotana, araka ny haren'ny fahasoavany. Narotsany miavosa tao amintsika niaraka tamin'ny fahendrena sy ny fahalalàna rehetra izany. Nampahafantariny antsika ny tsiambaratelon'ny sitrapony, araka ny fandaharany soa izay novolavolainy tao anatiny sy hotanterahiny rehefa feno ny fotoana : dia ny hampivondronana ao amin'i Kristy filoha tokana ny zavatra rehetra, na ny any an-danitra na ny ety an-tany. » (*Ef* 1,7-10).

Manana lafy iray mahafihina ny tontolo misy ny Eokaristia. Mihoatra lavitra ny fetran'ny Eglizy sy ny taranak'olombelona, ny velona sy ny maty ny vokany ; ny zavaboaary manontolo no voakasik'izany. Manana an'io toetra mahafaoka ny tontolo rehetra misy io izy satria i Kristy maty sy nitsangan-ko velona ho antsika no raketiny, Ilay fiandohàna sy tanjona itodian'ny voaary manontolo (jereo *Kôl* 1,15–17).

Tamin'ny fitsanganany ho velona dia nandresy ny herin'ny fahotàna sy ny fahafatesana i Jesoa, nampamirapiratra ny tena dikan'ny fiainan'ny olombelona ary ny dikan'ny voaary sy nisantatra ny fahatanterahany. Fototra azo antoka ho an'ny « lanitra vaovao sy tany vaovao » antenaintsika ny fitsanganany ho velona (*2P* 3,13), fiandohan'ny fahariana vaovao (Jereo *Ap* 21,5). Io no fiandohan'io fiofoana tanteraka andraisan'ny olona anjara amin'ny fitsanganany ho velona miaraka amin'i Kristy io, ary ho amin'io no iantsoana amim-pomba mistika ny voaary rehetra.

6.2. Ny Sorona Masina eo ambonin'ny Ôtelin'izao tontolo izao (Izao tontolo izao no Ôtely hanaovana Sorona Masina)

Manatona antsika ao amin'ny Sorona Masina ary « misy » ao amin'ny Eokaristia i Kristy Mpamonjy ny zavatra rehetra noharìna. « Amin'ny Alalany sy miaraka Aminy ary ao Aminy » dia an'ny Ray « ny haja sy ny voninahitra rehetra, ao amin'ny fiombonana amin'ny Fanahy Masina », eny fa na ny haja sy ny voninahitra avy amin'ny olombelona sy ny anjely ary izao tontolo izao aza. Izany no ivavahan'ny pretra toy izao ao amin'ny Vavaka Fisaorana : « Rariny raha midera anao ny voaary rehetra arin-tànanao »[76] ; ary rehefa mampiditra ny Sanctus (Masina), izay antsa fideràna an'Andriamanitra ataon'ny voaary tontolo izy dia miventy hoe : « Miaraka amin'izy ireo (anjely) koa izahay, mitondra ny feon'ny voaary rehetra […] mientan-karavoana mankalaza ny Anaranao, mihira mihoby ». Rehefa mamarana ny Vavaka Fisaorana izy avy eo dia manao hoe : « Enga anie izahay rehetra zanakao ry Ray mora fo, ho mendrika

[75] J. M. CANALS, Prier devant l'Eucharistie *[Mivavaka manoloana ny Eokaristia]*, in M. BROUARD (dir.), *Eucharistia. Encyclopédie de l'Eucharistie*; Paris 2002, pp. 639-646.

[76] *Vavaka Fisaorana III*

hahazo ny lanitra anjara lovanay […], ka rehefa tonga any izahay, miaraka amin'ny voaary tontolo, tsy simban'ny fahotàna sy ny fahafatesana intsony, dia hiara-kidera ny voninahitrao »[77].

Mamelona ny fanantenan'ny voaary rehetra ny lafy mahafihina an'izao tontolo izao ao amin'ny fankalazana ny Eokaristia : « Na dia amin'ny Ôtely kely indrindra any amin'ny fiangonana ambanivohitra aza no ankalazàna ny Eokaristia, dia ankalazaina eo ambonin'ny Ôtely amin'izao tontolo izao foana izy amin'ny heviny anankiray. Mampiray ny tany sy ny lanitra izy. Mahafihina ary maninteraka ny voaary manontolo izy. Tonga olombelona ny Zanak'Andriamanitra, mba hamerina ny zavatra rehetra any amin'Ilay nampisy azy avy amin'ny tsy misy, tamin'ny alalan'ny asam-piderànа iray ambony indrindra. Dia averin'ilay Mpisorombe sy mandrakizay amin'Ilay Mpahary sy Ray ny zavaboaary navotana rehetra, tamin'ny nidirany tao an-toerana masina mandrakizay tamin'ny alalan'ny Ràny teo ambony hazofijaliana »[78].

Voambara mazava tsara tao amin'ny fivorian'ny kristianina voalohany, isaka ny andro voalohany amin'ny herinandro nankalazàna ny Eokaristia, ny fifandraisana misy eo amin'ny zavaboaary nohavaozin'ny Pakan'i Kristy sy ny Eokaristia. Tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro tokoa mantsy no nahitàna fa foana ny fasan'i Kristy ary tamin'io andro io ihany koa no nisehoan'Ilay nitsangan-ko velona tamin'ny mpianany. Mankalaza an'i Kristy nandresy ny fahafatesana ny Eokaristia atao amin'ny « andron'ny Tompo ». Raha iverenana ny Testamenta Taloha, dia mampahatsiaro ny andro voalohany amin'ireo andro fito nahariana an'izao tontolo izao io andro voalohany amin'ny herinandro io. Dia toy izany, hatrany am-piandohàna no nankalazan'ny kristianina tao amin'ny Eokaristia ny misterin'i Kristy maty sy nitsangan-ko velona, loharanon'ny fahariana vaovao, eo am-piandrasana ny hiaviany amim-boninahitra : « Andron'ny Fitsanganan-ko velona ny Alahady, "andro voalohan"'ny "fahariana vaovao" manana ny toetra maha-olombelona an'ilay Mpamonjy ho santatra, antoky ny fiovantarehy faran'ny zavamisy rehetra noharìna »[79]. Izany no ankalazàn'ny kristianina ny Eokaristia isaka ny Alahady, anambaràny ny fahafatesana mahavonjy notontosain'i Jesoa, sy itoriany ny fitsanganany ho velona eo am-piandrasana ny hiverenany amin'ny maha-Tompon'izao tontolo izao Azy.

6.3. Ny Eokaristia sy ny fiofoan'ny zavatra noharìna

Tsy ivon'ny litorjian'ny tontolo rehetra misy fotsiny ny Eokaristia fa sehatra isandratana sy iofoan'ny zavatra noharìna. Asandratra amin'ny ambaratonga ambonimbony kokoa ny mofo sy ny divay izay fanomezana noharìna, rehefa tonga sakramenta manambara ny fisian'i Kristy nitsangan-ko velona. « Fifanakalozana mahagaga » no tanteraka : apetratsika eo ambony Ôtely ny vokatry ny tany sy ny vokatry ny asan-tanan'ny olombelona, ka amin'ny alàlan'ny Vavaka Fisaorana dia tonga ao amin'ny mofo sy ny divay i Kristy nitsangan-ko velona. « Tonga amin'ny fisandratany faratampony ny zavatra noharìna ao amin'ny Eokaristia… Sitraky ny Tompo ny hipaka hatrany amin'ny atintsika lalina amin'ny alàlan'ny sombin-draha iray, tao amin'ny teboka fiafaràn'ny Fahatongavana ho nofo. Tsy avy any ambony anefa fa avy ao anaty, mba ahafahantsika mihaona aminy amin'ny fomba mitovy amin'ny nihaonany tamintsika… Miombona amin'ny Zanaka tonga nofo, ao amin'ny Eokaristia ny voaary

---

77 *Vavaka Fisaorana IV*

78 *EE*, 8. I Mompera Pierre Teilhard de Chardin, zezoita no nizotra tamim-pahatapahankevitra tamin'io làlana io. Tsaroana eto ilay boky kely *La Messe sur le monde* [Sorona Masina eo ambonin'izao tontolo izao] nosoratana tamin'ny 1923 tany amin'ny taniefitr'i Ordos (Sina) tamin'ny andro nankalazana ny Fiovàn'ny Tompo tarehy, rehefa tsy nanana mofo sy divay izy ka nanolotra ho an'Andriamanitra ny tantaran'izao tontolo izao ho toy ny fanatitra lehibe izay mitondra ny zavatra rehetra indray any amin'ny Ray, amin'ny alalan'i Kristy sy ao amin'ny Fanahy Masina : « Ary satria tsy manana mofo indray aho, tsy manana divay sy Ôtely, dia misandratra eo ambonin'ireo tandindona ho any amin'ny fiandrianana madion'ny tena misy, ary manolotra ho anao, dia izaho izay pretranao, eo ambonin'ny Ôtelin'ny tany manontolo, ny asa sy ny fijalian'izao tontolo izao » (*La Messe sur le monde*, 9-23).

79 PAPA FRANÇOIS, Taratasy ansiklika *Laudato Si' [Ankalazaina anie Ianao]*, 2015, 237.

manontolo ka misaotra an'Andriamanitra. Ny Eokaristia tokoa mantsy amin'ny maha-Eokaristia Azy dia asam-pitiavana mahafihina an'izao tontolo izao… Mampiray ny tany sy ny lanitra ny Eokaristia, mamihina sy maninteraka ny zavatra rehetra noharìna. Miverina amin'Andriamanitra amim-piderana feno hafaliana sy tanteraka izao tontolo izao izay nivoaka avy amin'ny tanany ihany »[80].

Ny "fiovana" eokaristika no fiandohan'io fiofoana tsy mifody sy mampitolagaga io, fiofoana sitraky ny Tompo itodian'ny zavatra rehetra : « Ny fiovàn'ny votoatin'ny mofo sy ny divay ho Vatany sy Rànay dia mametraka ao amin'ny zavatra rehetra noharìna ny fiandohan'ny fiovana fototra, toy ny "fivakiana nokleary" […], fiovana voatokana hampisy dingam-piofoan'ny zavamisy, ka ny fiovan'endrik'izao tontolo izao no tanjony farany, mandra-pahatongan'Andriamanitra ho zavatra rehetra ao amin'izy rehetra » (Jereo *1Kôr* 15,28)[81].

Ao amin'ny isan-tSorona Masin'ny Lamesa tokoa mantsy, noho ny asan'ny Fanahy Masina, dia miova ho Vatana sy Ràn'i Kristy ny mofo sy ny divay ary ireo mandray an'io Sakramenta io dia miova ho Kristy. Misantatra ilay fiofoana lehibe izay ho tanteraka amin'ny fitsanganan'ny vatana ho velona sy amin'ny fahariana vaovao ireo fiovàna ireo.

Mamelona ny fanantenàna ny amin'ny fitsanganan-ko velona sy ny amin'ny fiofoana tsy mifodin'ny tontolo ny Eokaristia izay ivon'ny fiderana an'Andriamanitra ataon'ny zavatra noharìna, ary loharanon'ny firotsahantsika hiaro ny zavatra noharìna izy.

7. NY EOKARISTIA, LOHARANON'NY FAHAMASINANA

« Samy manana ny anjara asany avy ny rantsana » ao amin'ny Eglizy Vatan'i Kristy, satria « manana fanomezana samihafa araka ny fahasoavana natolotra antsika tsirairay avy isika » (Jereo *Rm* 12,4.6). Dia toy izany no ahafahan'ny rantsambatana tsirairay manatanterakany fiantsoana kristianina araka ny toe-piainany manokana avy. Mampianatra ny Kônsily Vatikàna II fa « fahamasinana tokana ihany no kolokoloin'ireo rehetra tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra ao amin'ireo karazana toe-piainana sy adidy maro loha » ary ao amin'ireo lalana sy fomba hanamasinan-tena hanatratrarana ny fahalavorariana mifanaraka amin'ny toe-piainan'ny tena manokana dia tsy azo atao ambanin-javatra ny fanatonana ny Sakramenta, « indrindra ny Eokaristia »[82].

7.1. Ohatra navelan'ireo martiry hongroà tamin'ny taonjato faha-XX

Ao amin'ny Vavaka Fisaorana dia mitodika amin'ny « Ray masina tokoa, loharanon'ny fahamasinana rehetra »[83] izay mamelona sy manamasina ny zavatra rehetra « amin'ny alalan'i Jesoa Kristy sy ao amin'ny herin'ny Fanahy Masina »[84] isika. Amin'ny alalan'ny Eokaristia indrindra no ahafahan'ny vita Batemy tsirairay manao fitondrantena mendrika ny fiantsoana niantsoana azy avy (Jereo *Ef* 4,1).

Martiry sy olomasina hongroà maro nandritra ny taonjato faha-XX, notohanan'ny herin'ny Eokaristia sy naka tahaka ny fiainan'i Kristy no tonga « sorona velona, masina sy nankasitrahin'Andriamanitra » (*Rm* 12,1). Tsiahivintsika eto ny sasany tamin'ny ohatra navelan'izy ireny, izay nanilo ny tantaran'ny Eglizy hongroà tamin'iny taonjato nivalona iny[85].

---

80 *Ibid*., 236.
81 *SCa*, 11.
82 *FF* na *LG*, 41.42.
83 *Vavaka Fisaorana II.*
84 *Vavaka Fisaorana III*
85 Ohatra: ny Olontsambatra isany Szilárd Bogdánffy, János Scheffler, Zoltán Meszlényi, Péter Pál Gojdics, István Sándor, ireo martiry fransiskàna fito.

Ny Olontsambatra János Brenner (1931–1957)[86] dia iray tamin'ireo Pretra nampahitàn'ny fitondràna fanjakàn'antoko tokana faisana mba hampitahorana ny Eglizy. Nantsoina hamonjy marary i mompera János ny alin'ny 14 desambra 1957, saingy teny an-dalana dia novonoin'ny olon'ireo pôlisy miafina tamin-kerisetra izy. Izany no anajànay aty Hongria azy hoe Tharcisius hongroà, martirin'ny Eokaristia. Teo am-panoroana anay an'i Kristy velona tao amin'ny Eokaristia izy no tonga ohatra ho an'ny pretra diôsezanina sy ho an'ny relijiozy – mpikambana 'an-tsokosoko' tao amin'ny *Ordre cistercien* noravan'ny fitondràna jadona komonista mantsy izy.

Tonga tamin'ny martiry koa ny olontsambatra Vimos Apor (1892-1945), evekan'i Győr, noho ny fananany fiainampanahy eokaristika matanjaka. Niteny matetika tamin'ireo ondriny izy nanao hoe : « Tsy ilaina ny mamonjy lamesa raha tsy manana ilay fitiavana mavitrika miboiboika avy amin'ny finoana isika ». Nandritra ny fananiham-bohitra nataon'ny alemà dia niaro ireo nenjehina izy, tsy nanavahany finoana na karazana izany. Tamin'ny taona 1945, dia mbola nankalaza ny nanorenana ny Eokaristia niaraka tamin'ny pretrany sy ny ondriny izy ny Alakamisy Masina. Ny ampitson'io, ny Zomà Masina, dia notifirin'ny miaramila sovietika iray izy raha niaro ireo vehivavy nialokaloka tao amin'ny toeram-pisakafoanam-bahoaka tao amin'ny fonenan'ny eveka.

Toy izany koa ny Olontsambatra Sára Salkaházi (1899–1944), relijiozy vavy, nanavotra hebrio, izay nanovo ny hery niatrehana ny martiry tao amin'ny fiainampanahy eokaristika. « Avy ao amin'ny Eokaristia ny hery rehetra », hoy izy nanoratra tao amin'ny diariny[87]. Niaina tao anivon'ny *Société de Vie Apostolique* an'ny Maseran'ny *Service Social* izy ary niady nanohitra ny vokatry ny fiparitahan'ny nasiônaly sôsialisma (nazisma), izay tsy araka ny maha-olombelona intsony. Tamin'ireo olona manodidina ny arivo nampiantranoin'ny ankohonampiainany dia teo amin'ny zato teo ho eo no novonjen'i masera Sára manokana. Nivavaka be izy, eny fa na tao amin'ny Sorona Masina andavanandro aza, mba hanana hery ilaina iatrehana io tolona io. Nosamborin'ny mpikambana ao amin'ny antoko fasista hongroà izy ny 27 desambra 1944 ary notifirina sy navarina tao amin'ny reniranon'i Danube.

Ny mpanompon'Andriamanitra Kardinaly József Mindszenty (1892–1975), arsevekan'i Esztergom dia nohelohin'ny fitondràna kômonista tamin'ny fitsaràna sarintsariny noho ny nandraisany fanapahankevitra feno fahasahiana hanohitra ny fitondràna mitsipaka ny fisian'Andriamanitra sy noho ny fiarovany tamin-kerimpo ny zon'ny Eglizy sy ny zon'olombelona. Nosoritany tamim-pomba mampihetsi-po nandritra ny nitanana azy am-ponja nandritra ny valo taona ny loharanon'ny fahatokisany sy ny loharanon'ny famelàna kristianina ary ny fiainampanahin'ny fampihavanana ; ny Sorona Masina isan'andro sy ny fitsaohana ny fisian'i Kristy marina tao am-ponja no fankaherezana ho azy tao amin'ny efitra nigadràny : « Notehiriziko tamin-tebiteby ny Eokaristia. Fantatro fa mandritra ny fotoana nitondran-dry zareo anay handehandeha dia nosavain'izy ireo ny efitro, izany no nitondràko azy io niaraka tamiko na dia nandeha nitsangatsangana aza aho, eny fa na mandrapahatonga tany Vác aza. Dia nandray ny Eokaristia koa aho tany. Dia nanatontosa fitsaohana tamin'ny fomba niavaka aho satria nandritra ny alina dia teo akaikiko tao anaty haizina izy ary nokasihiko tamin'ny alàlan'ny voaly. Fa zavadehibe manahoana ho an'ny voafonja mihidy ao amin'ny efitra igadràny tokoa moa izany hoe Jesoa ao amin'ny Sakramenta Masina ! »[88].

---

[86] CSÁSZÁR, ISTVÁN – SOÓS, VIKTOR ATTILA, *Magyar Tarzíciusz. Brenner János élete és vértanúsága 1931–1957 [Tharcisius hongroà. Ny fiainana sy ny martirin'i János Brenner, 1931-1957]*, Szombathely 2003, pp. 49-51.

[87] D. ISTVÁN, *Boldog Salkaházi Sára. Emlékkönyv [Sára Salkaházi Olontsambatra. Boky fahatsiarovana]*, Budapest 2006.

[88] J. MINDSZENTY, Emlékirataim *[Tadidy]*, Budapest 2015, 395–396.

Ny olontsambatra Teodor Romzsa (1911-1947)[89], eveka grika katôlikan'i Transcarpathie indray dia novonoin'ny pôlisy miafina araka ny baiko nomen'i Staline. Fanta-daza ny fitiavany lalina ny Eokaristia. Ny asa farany nataony, amin'ny maha-mpitantana Diôsezy azy dia fitokanana fiangonana iray. Teny an-dàlana hody tany an-tranony izy no nodomin'ny fiara vaventy iray ary nampidirina hôpitaly sy notsindromina poizina tany ka maty.

Péter Orosz (1917-1953)[90], eveka grika katôlika izay nohamasinina an-tsokosoko dia efa nigagàna hatramin'izy fony seminarista noho ny fitiavana nahafoizany ny zavatra rehetra. Niaina tahaka izany koa izy nony tonga eveka. Nosamborin'ny miaramila izy raha nitondra Eokaristia ho an'ny marary iray, notifirina teo am-pandohalihana teo anoloan'ny hazofijaliana teny an-dàlana.

7.2. Antso lolohalanitra ho amin'ny fahamasinana

Isaka ny vanimpotoana amin'ny tantaran'ny Eglizy, manerana an'izao tontolo izao, dia saika avy amin'ny fari-taona rehetra sy toe-piainana rehetra ny olomasina ; endrika mivaingana misolo tena ny vahoaka, fiteny sy firenena rehetra izy ireny. Nitia an'i Kristy sy nanaraka Azy tamin'ny fiainany andavanandro izy ireny ary mampahazo antoka antsika fa azon'ny rehetra atao ny mizotra amin'io lalana io. Maneho ny tena endriky ny finoana kristianina ny fiainan'izy ireny izay nihamatotra tao amin'ny finoan'ny Eglizy. Mifaly isika noho ny maha-eo azy ireny sy noho ny fambombàny antsika ary manorina mafy ny fanantenàna mba ahafahana maka tahaka ny lalana nizorany ka hananantsika anjara amin'ny fiainan-tsambatra.

Samy antsoina ho amin'ny fahafenoan'ny fiainana isika rehetra. Ambaran'i Md Paoly amin-kery izany fony izy nanoratra hoe : « Samy nomena fahasoavana araka ny haben'ny fanomezan'i Kristy isika… Ny sasany nomeny ny fahasoavana ho apôstôly, ny sasany mpaminany, ny sasany evanjelista, ny sasany indray mpiandry sy mpampianatra, mba hanomana rahalahy maro hanao ny asa fandraharahàna, handrafetana ny vatan'i Kristy, mandra-pahatongantsika rehetra any amin'ny firaisan'ny finoana sy ny fahalalàna ny Zanak'Andriamanitra, hahatratra ny olona lavorary, hatrany amin'ny fahatratrarana ny hafenoan'i Kristy » (*Ef* 4,7.11-13).

Mitondra ny tenin'io apôstôly io ny Kônsily Vatikàna II raha milaza hoe : « Ao amin'ireo karazam-piainana sy adidy maroloha, dia tokana ihany ny fahamasinana kolokoloin'ny olona rehetra tarihin'ny Fanahy Masina … sy manaraka an'i Kristy mahantra, manetry tena, sy milanja ny hazofijaliany mba ho mendrika hiombom-boninahitra Aminy » ary « ny tena mpianatr'i Kristy dia miavaka noho ny fitiavany an'Andriamanitra sy ny namana »[91]. Io no maha-tsotra, maha-lehibe ary maha-lalina ny fiainana kristianina. Dia toy izany no ahatongavan'ny vita batemy ho toy ny lamba fanaovana hosodokon'ilay tambabato lehiben'ny fahamasinana ampisian'Andriamanitra ao amin'ny tantara, satria mamirapiratra ao amin'ny hafenoan'ny fahazavany tanteraka ny endrik'i Kristy. Mitombo sy mamoa tahaka ny voa tsara famafy ny fitiavana, noho ny fihainoana ny Tenin'Andriamanitra sy miaraka amin'ny fandraisana anjara amin'ny Eokaristia. Ny fankalazàna ny Eokaristia no fotoana faratampony hanambaràn'i Jesoa, amin'ny alalan'ny Vatany natolotra sy ny Rany narotsany ho famonjena antsika, ny misterin'ny maha-Izy Azy sy hanehoany ny hevitry ny fiantsoana ny mpino tsirairay. Izay mivelona amin'io « mofon'aina io » dia mandray hery hiofoana ho fanomezana, araka ny nolazain'i Md Augustin hoe : « Aoka ianareo ho tonga izay raisinareo, ary raiso izay maha-anareo anareo »[92]. Notsipihin'ny Papa Fransoà koa io asa mpanavao

[89] L. PUSKÁS, Megalkuvás nélkül – Boldog Romzsa Tódor élete és vértanúhalála *[Tsy misy fampietrena voninahitra. Ny fiainana sy ny martirin'ny Olontsambatra Tódor Romzsa]*, Budapest 2005.

[90] L. PUSKÁS, Ilyeneké Isten országa. Isten Szolgája Orosz Péter (1917–1953) titokban felszentelt püspök élete és vértanúsága *[Azy ireo ny fanjakàn'ny lanitra. Fiainana sy martirin'ilay eveka nohamasinina antsokosoko (1917-1953)]*, Nyíregyháza 2010.

[91] *LG*, 41-42.

[92] Sermo [Toriteny] 272 1, In die Pentecostes *[Tamin'ny andron'ny Pantekôty]*; in *NBA* XXXII/2, p. 1162.

io : « Rehefa mandray an'i Kristy ao amin'ny Kômonio isika dia manavao ny fifamatorantsika Aminy ary mamela Azy hanatanteraka bebe kokoa hatrany ny asany mitondra fihavaozana »[93].

Noho izany dia zavadehibe ny tsy mamotsitra na dia Alahady iray aza mba hihaonana amin'i Kristy nandresy ny fahafatesana ao amin'ny Eokaristia ; tsy vesatra atovona izy io fa fahazavana ho an'ny herinandro manontolo sy loharanon'ny fahamasinam-piainana. Ao amin'ny fihaonana isan'Alahady amin'Ilay nitsangan-ko velona no andraisan'ny fisiana kristianina endrika eokaristika afaka mamolavola ny fiainana manontolo[94].

7.3. Ao amin'ny fiainana andavanandro

Mahatsapa an'izany amin'ny fomba manokana ny pretra. « Mifandrohy faka lalina amin'ny Eokaristia ny fiainampanahin'ny pretra. Efa hita taratra ao amin'ireo tenin'ny eveka amin'ny litorjian'ny fanamasinana ny masombolin'io fiainampanahy io : "Raiso ny fanatitra masin'ny vahoakan'Andriamanitra ho an'ny Soron'ny Eokaristia. Fantaro izay hataonao, alao tahaka izay hankalazainao, ampifanaraho amin'ny misterin'ny hazofijalian'i Kristy Tompo ny fiainanao" »[95].

Amin'ny fanatanterahana isan'andro ny adidin'izy ireo manokana, dia « mitombo ao amin'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny namana izy ireo, mitahiry sy mitandro ny fatoram-piombonana maha-pretra, manankarena amin'ny soa ara-panahy rehetra sy mijoro ho vavolombelona velona ho an'Andriamanitra amin'ny olona rehetra, dia tsy ho latsa-danja amin'ireo pretra niaina tamin'ireo taonjato nivalona izay namela oha-piainana mamirapira-pahamasinana, tamin'ny fanaovana asa fanompoana feno fanetrentena sy mangingina. Mbola manako ao amin'ny Eglizin'Andriamanitra ny lazan'izy ireny »[96].

Izy ireo no nanankinana ny « misterin'ny finoana » mba ahafahany manolotra miaraka amin'ny ankohonampiainany « sorona ara-panahy » (*1P* 2,5) ho an'Andriamanitra. Ny fitsaohana ny Eokaristia, na mandritra ny Sorona Masina izany na ao amin'ny Sakramenta Masina, dia zary « koriana mahavelona izay mampiray ny fandraharaham-pisoronana sy ny fisoronana iombonan'ny mpino sy maneho azy amin'ny endriny mijidina ary miaraka amin'ny soatoavina fototra raketiny »[97].

Ny fiainana voatokana ho an'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny fanarahana ny torohevitry ny evanjely dia maneho sy manatanteraka ao amin'ny Eglizy ny fanolorantena amin'ny Tompo. Dia ao amin'ny voady araka izany no ifandraisan'ny fanolorantena ataon'ireo voatokana amin'ny fanolorantenan'i Kristy. Havaozin'ny relijiozy isaka ny lamesa sy isaka ny fandraisana komonio io valinteny io[98]. Noho izany dia ara-pomba tsara raha toa ka ivon'ny fiainana voatokana ary loharanon'ny fanolorantena havaozina isan'andro isan'andro ny fankalazana ny Eokaristia, ny fandraisana sy ny fitsaohana ny Eokaristia[99].

Ankaherezina manokana ny fianakaviana mba hanovo torohevitra sy hery ao amin'ny Sakramentan'ny Eokaristia. « Ny fifankatiavan'ny lehilahy sy ny vehivavy, ny fandraisana ny aina, ny adidy amin'ny fanabeazana dia sehatra manana tombontsoa manokana anehoan'ny Eokaristia ny fahavitàny manova sy mitondra ny fisiana hatramin'ny fahafenoan'ny heviny »[100].

Ao amin'io Soron'ny Fanekempihavanana Vaovao sy Mandrakizay io no ahitàn'ny mpivady kristianina ny fototra « ipoiran'ny fifaneken'izy mivady sy amolavolàna izany ao anaty ary hamelombelomana azy

---

93 PAPA FRANSOA, Fanentanana Apôstôlika *Gaudete et exsultate* na *Mifalia sy miravoa*, 2015, 157.
94 *SCa*, 76-77.
95 SCa, 80.
96 *LG*, 41.
97 JOANY PAOLY II, Taratasy *Dominicae cenae* [*DC*] na *Fanasan'ny Tompo*, 1980, 2.
98 Jereo *SCa*, 81.
99 JOANY PAOLY II, Fanentanana Apôstôlika *Vita Consecrata* [*VC*] na *Fiainana Voatokana* vokatry ny Sinaoda, 1996, 95.
100 *SCa*, 79.

tsy miato. Amin'ny maha-fanehoana ny Sorom-pitiavan'i Kristy ho an'ny Eglizy azy, dia loharanom-pitiavana ny Eokaristia »[101].

Izao tontolo izao no saha amafazan'Andriamanitra voa tsara dia ireo zanany. Ary ao indrindra, amin'ny fiainana andavanandro, no iantsoana ny lahika vita batemy ankaherezin'ny Eokaristia hiaina ny zavabaovao tsy misy famahony nentin'i Kristy eo anivon'ny toe-piainana iombonana. Tokony ho latsa-paka lalina bebe kokoa hatrany ao amin'ny fiainan'izy ireo andavanandro ny Eokaristia, ka hitarika azy ireo hijoro ho vavolombelona amin'ny fomba azo fantarina ao amin'ny sehatra manokana iasàny sy ao amin'ny fiarahamonina manontolo.

Dia io fijoroana ho vavolombelona io no nataon'ny Olontsambatra László Batthyány-Strattmann (1870–1931), mpitsabo hongroà raim-pianakaviana nanan-janaka iraika ambin'ny folo izay nanampy tamin'ny fomba tsara alain-tahaka ny mahantra tamin'ny asa fitsaboana maso niantsorohany ; tsy nitsabo azy ireo fotsiny mantsy izy fa namahana ny finoan'izy ireo koa. Nandray kômonio isan'andro io mpitsabo io ary nampifandray ny toe-piainany araka ny Eokaristia tamin'ny fanatanterahana tamim-pavitrihana ny antso niantefa taminy sy tamin'ny fanompoana ny mahantra.

Avy eo dia nisy taranaka kristianina vaovao nantsoina hitondra ny anjara birikiny amin'ny fanorenana sy fanavaozana ny zavamisy iainan'ny taranak'olombelona : ny tanora no lazaina amin'izany. Taorian'ny herisetra sy famoretana maro, dia ilain'izao tontolo izao izy ireo mba 'hanorina tetezana', hampiray sy hampihavana. Taorian'ny vanimpotoana nanjakan'ny kolontsain'ny olona tsy misy tanjona, dia ilaina maika ny hisiana lehilahy sy vehivavy mino ny fiainana sy handray azy ho toy ny antso avy amin'Andriamanitra ; « tanora be herimpo, manana toetsaina sy toepo misokatra amin'ny idealy avo sy feno fahalalahantanana ihany no ho afaka hamerina amin'ny fiainana sy amin'ny fifandraisan'ny olona ny hakantoana sy ny fahamarinana »[102], ihoarana ny endri-pifandraisana izay ataon'ny fitaovampifandraisan'ny mpiarabelona ampihimamba.

Ny Tenin'Andriamanitra sy ny fandraisana anjara mavitrika amin'ny Eokaristia, izay ivon'ny fisiana ombàn'ny asa anirahana ny mpino tsirairay sy ny ankohonampiainana tsirairay no manohana ny lalana sy ny fomba ahatongavana ho mpaminany sy mpitondra hafatra amin'izao vanimpotoana vaovao izao. Rehefa mandray anjara amin'ny Vatana aman-dRan'i Kristy sy miaina amim-pifaliana ny fiombonan'ny Eglizy ireo zatovo sy tanora, dia hahita ny hery ilaina iainana io vanimpotoana ara-tantara manokana io, araka ny porofoin'ireo Andro Iraisampirenena ho an'ny Tanora izay mametraka ny fankalazana ny Eokaristia ho ivony.

Tia ny ankizy sy nihaona an-tsitrapo tamin'izy ireny i Jesoa (jereo *Mk* 10,13). Tonga rantsambatana mavitrika amin'ny ankohonampiainana kristianina ny ankizy amin'ny lamesa andraisany ny Kômonio I, rehefa nahavita ilay dingan'ny firosoana ho kristianina amin'ny alàlan'ny fandalinampinoana atao eo anivon'ny fianakaviana sy ny paroasy.

Nampahatsiahivin'ny Papa Joany Paoly II ny fomba hameloman'ny Eokaristia ny fitiavan'ny ankizy an'i Jesoa : « Sitrak'i Jesoa ny hitoetra mandrakariva miaraka amintsika ! Sitrak'i Jesoa ny hiray lalina amintsika ao amin'ny Kômonio Masina, mba hanehoana amintsika amin'ny fomba mivantana sy manokana ny fitiavany. Afaka miteny ny tsirairay manao hoe : « Tia ahy i Jesoa ! Tia an'i Jesoa aho ! ». Namana tsy azo afoy i Jesoa ; rehefa mihaona aminy isika dia azontsika fa tia antsika Izy ary maniry ny fitiavantsika… Mitoera ho mendrika an'i Jesoa izay raisinareo ! Aoka ianareo tsy hanantsiny sy

[101] JOANY PAOLY II, Fanentanana apôstôlika *Familiaris Consortio* [FC], 1981, 57.

[102] JOANY PAOLY II, *Hafatra ho an'ny Andro Iraisampirenena faha XXVII ho an'ny Fiantsoan'Andriamanitra*, 2000. Jereo koa BENOIT XVI, « Omelia della Santa Messa a conclusione della XXIII Giornata Mondiale della Gioventù » na [Toriteny nandritra ny Lamesa famaranana ny JMJ faha 23 tany Sydney, 20 Aogositra 2008], in *AAS* 100 (2008), p. 548.

halalatanana ! Miezaha hanao izay hahatsara ny fiainan'ny olona rehetra amim-panekena, amin-kalemempanahy, araka ny toetran'olona tsara taiza ! Ny hatsarampo no fanalahidin'ny hafaliana ! »[103].

Ankizilahy sy ankizivavy maro no manao asa fanompoana eo amin'ny Ôtely, mihira ao amina antoko mpihira sy miezaka hahatonga ny fankalazana ho feno hafaliana, amin'ny Sorona Masina isan'Alahady any amin'ny Paroasy. Mahita miaraka amin'ny fianakaviany izy ireny fa ao amin'ny fihaonana amin'i Jesoa no misy ny loharanon'ny fitiavany sy ny hery itomboana tsikelikely ao amin'ny finoana ahafahana « miditra amin'ny fomba feno ao amin'ny vatan'i Kristy »[104].

Miray amin'ny fomba manokana amin'i Kristy mijaly ny mahantra, ny tsy salama, ireo marary, ireo enjehina noho ny fahamarinana : nambaran'ny Tompo ao amin'ny Evanjely fa sambatra izy ireny, ary « ny tenan'ilay Andriamanitry ny fahasoavana rehetra mihitsy, izay niantso antsika ho ao amin'ny voninahiny mandrakizay ao amin'i Kristy Jesoa, no handavorary sy hampiorina mafy ary hampahazo antoka azy ireo rehefa avy miaritra fijaliana kely » (*1P* 5,10)[105].

Ireo am-bavahaona dia omen'ny Eglizy ny fanosorana ny marary sy ny Eokaristia ho vatsy masina satria misy tsimoky ny fiainana mandrakizay sy ny herin'ny fitsanganan-ko velona ao amin'ny Vatana sy Ran'i Kristy : « Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako dia manana ny fiainana mandrakizay ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany » (*Jn* 6,54). Ny Eokaristia izany dia « fanafody manome ny tsy fetezan-ko faty », mba hiainana mandrakizay ao amin'i Jesoa Kristy[106].

Ao amin'ny vavaka iray tranainy be, dia ankalazain'ny Eglizy ho toy ny fisantarana ny voninahitry ny lanitra io Sakramenta io : « Ry fanasàna masina ihinananay an'i Kristy : mahatsiaro ny fijaliany izahay, vontom-pahasoavana ny fanahinay, ary nomena anay ny antoky ny voninahitra ho avy ». Taorian'ny niampitan'i Kristy avy amin'izao tontolo izao nankany amin'ny Ray tao amin'ny misterin'ny Pakany, dia tehirizina ao amin'ny Eokaristia ny antoky ny voninahitra ho avy eo akaikiny : «Ny fandraisana anjara amin'ny Sorona Masina dia mampitovy antsika amin'ny fony, manohana ny herintsika eny andalam-pivahiniana amin'ity fiainana ity, manosika antsika haniry ny fiainana mandrakizay ary mampiombona antsika sahady amin'ny Eglizin'ny lanitra, amin'i Maria Virjiny sambatra sy amin'ny olomasina rehetra »[107].

8 EOKARISTIA LOHARANON'NY ASA FANIRAHANA SY NY FANOMPOANA NY NAMANA

8.1 Sakramenta manambara ny fahavitàn'ny asa nanirahana

Hoy ny Papa Joany Paoly II tamin'ny taona 2003 : « Fahasoavana sy fiantsoana manokana ho an'ny Eglizy ny fitoriana ny Evanjely, ary io no maha-izy azy lalina »[108]. Ny Eokaristia no loharanon'ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly ary miaraka amin'izay dia tanjona tratrarina ihany koa : « sakramentan'ny asa fanirahana tontosa ; tontosa ao aminy ny faniriana iombonan'ny taranak'olombelona : fiombonana amin'Andriamanitra izay zavatra rehetra ao amin'ny olona rehetra sy fiombonam-pirahalahiana »[109]. Ary satria manan-jo handray ny Evanjely ny olona rehetra, dia mitory izany ny kristianina ary tsy manilika na

[103] PAPA JOANY PAOLY II, « Omelia alla prima comunione dei bambini » [Toriteny tamin'ny Kômonio voalohan'ny ankizy], in *Osservatore Romano*, 16 giugno 1979.
[104] SACRA CONGREGATIO RITUUM, Instructio *Eucharisticum Mysterium* [EM], 14.
[105] *LG* na *FF*, 41.
[106] *Katesizin'ny Fiangonana Katôlika [KFK]*, 1524.
[107] *KFK*, 1419.
[108] JOANY PAOLY II, Teny fanentanana Apôstôlika *Ny Eglizy any Eorôpa* na *Ecclesia in Europa* [EEu] vokatry ny Sinaoda, 2003, 45.
[109] VAOMIERA MANOKAN'NY PAPA MISAHANA NY KÔNGRESY EOKARISTIKA IRAISAMPIRENENA, *Cristo in voi speranza della gloria. L'Eucaristia: fonte e culmine della missione della Chiesa [Kristy ao aminareo, fanantenàna ny voninahitra : loharano sy faratampon'ny asa anirahana ny Eglizy]*, Ponteranica 2015, p. 85.

iza na iza fa toy ny olona mizara hafaliana, manoro tontolo iray soa ary manolotra « fanasàna » maha-te hihinana[110].

« Aorian'ny tsodrano dia ravain'ny diakra na ny pretra ny vahoaka amin'ny teny hoe : « *Ite, missa est* » (Mandehàna, vita ny lamesa). Ao amin'ireo teny ireo dia asaina isika mba hamantatra ny fifandraisan'ny Sorona nankalazaina sy ny asa anirahana ny kristianina amin'izao tontolo izao »[111].

Ny Eokaristia tokoa no loharano mampiboiboika ny hery entin'ny Eglizy mitory ny Evanjely satria « tsy manolotra hery anaty fotsiny izy fa amin'ny lafiny iray dia manolotra ny vina ihany koa. Ny Eokaristia mantsy dia fomba fisiana anankiray miampita avy amin'i Jesoa mankany amin'ny kristianina ary mikendry amin'ny alalan'ny fijoroan'ny kristianina ho vavolombelona ny hipariaka manerana ny fiarahamonina sy ny kolontsaina. Mba hahatanterahan'izany dia ilaina ny handraisan'ny kristianina ao amin'ny tenany, amin'ny alalan'ny fandinihana samirery sy eo anivon'ny ankohonampiainana, ireo soatoavina ambaran'ny Eokaristia, ireo toepo sy toepanahy atorony ary ireo tolo-kevitra ho an'ny fiainana vokariny »[112].

Izay nisotro tamin'ny ranovelona (*Jo* 4,14) dia tokony hanome rano hosotroina ho an'ny hafa koa. « Raha vao avy niresaka tamin'i Jesoa ilay vehivavy samaritanina dia tonga misiônera, ary samaritanina maro hafa no nino an'i Jesoa noho ny tenin-dravehivavy (*Jo* 4,39)… Ary isika, inona no andrasantsika ? »[113]. Tonga ny fotoana iampitàna avy amin'ny vina litorjika mankamin'ny fanatanterahana azy ao amin'ny zavamisy iainan'ny ankohonampiainantsika.

8.2 Avy any Emaosy mankany Jerosalema

Ny sary araka ny evanjely momba an'ireo mpianatra tany Emaosy (*Lk* 24,13-35) dia maneho mazava tsara ny toetra misiôneran'ny Eglizy sy ny an'ny vita batemy tsirairay, satria ny fihaonana tamin'Ilay nitsangan-ko velona, izay tontosa tamin'ny fihainoana ny Teny sy ny fizaràna ny mofo, dia nanosika an'ireo mpianatra roalahy mpivahiny ho tonga mpitory ny Tompo feno hafanampo. Teny amin'ny lalana nalehan'ireo mpianatra roalahy diso fanantenana lalina no nanomboka ny tantaran'i Emaosy ; tsy mba zavatra nitranga mitondra amin'ny famonjena mantsy no niainan'izy ireo ny Paka fa toy ny tsy fahombiazan'ny iraka nampanaovina an'i Jesoa sy tsy fahatanterahan'ny zavatra nandrandrain'izy ireo. Dia indro misy mpivahiny iray tsy fantatra anarana miara-dàlana amin'izy ireo. Ny teboka iandohan'ny asa fitoriana ny Evanjely dia ny fitiavan'Andriamanitra izay mialoha làlana antsika : tia anao Andriamanitra ! Manatona anao tsy mametraka fepetra izy. Indro fa i « Jesoa tenany mihitsy no nanatona azy ireo » (*Lk* 24,15). Ny dingana voalohany amin'ny fitoriana ny Evanjely dia ny fiarahantsika dia amin'ireo rahalahintsika mba hijoroantsika ho vavolombelon'ny fitiavan'Andriamanitra izay mialoha làlana antsika. Amin'ny fiandohàn'ny Sorona Masina no iainantsika izany traikefa izany rehefa mitsena antsika Andriamanitra ary rehefa miditra ao amin'ny fiainana sy ny fitiavan'Andriamanitra tokana olona telo amin'ny fanaovana ny famantaran'ny hazofijaliana isika.

Fa tsy nahalala an'i Jesoa ireo mpianatra tany Emaosy raha tsy nosokafan'i Jesoa tamin'ny fahalalàna Soratra Masina ny sain'izy ireo (*Lk* 24,17). Isika koa amin'ny fankalazana ny Eokaristia isan-kerinandro, dia mahatsapa fa tsy mifototra amin'ny famelabelarana foto-pampianarana ny fitoriana ny Evanjely fa

---

110 PAPA FRANCOIS, Fanentanana Apôstôlika *Evangelii Gaudium* [EG] na *Ny hafaliana entin'ny Evanjely*, 2013, 14.

111 SCa, 51.

112 JOANY PAOLY II, Taratasy apôstôlika *Mane nobiscum Domine* [MND] na *Mitoera eto aminay ry Tompo*, 2004, 25. Misy akon'io filazàna io voasoritra mazava tsara ao amin'ny *SCa* 84 : «Tsy afaka manatona ny Sakafo eokaristika isika raha tsy manaiky hotarihin'io hetsiky ny asa fanirahana io, izay miainga avy ao am-pon'Andriamanitra ary mikendry hahatratra ny olona rehetra. Singa mandrafitra ny endriky ny fisiana kristianina araka ny Eokaristia noho izany ny fitodihana amin'ny asa fanirahana».

113 *EG*, 120.

amin'ny fanazavàna ny zavatra rehetra, ny fiainana sy ny litorjia, eo ambany fahazavan'ireo zavanitranga mitondra famonjena tamin'ny Pakan'ny Tompo. Io no adidy raketin'ny fanambarana ny Soratra Masina. "Mirehidrehitra ny fontsika" eo am-pihainoana ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao mandritra ny hanambaràn'izy Kristy amintsika, tsy ny hevitry ny fitambaramben'ny tantaram-pamonjena ihany fa ny hevitry ny zavatra rehetra iainantsika. « Mifandrohy faka lalina ny Teny sy ny Eokaristia ka tsy mety ho azo ny iray raha tsy eo ny iray hafa : tonga nofo ara-tsakramenta ao amin'ny fankalazana ny Eokaristia ny Tenin'Andriamanitra. Manokatra antsika amin'ny fahalalàna ny Soratra Masina ny Eokaristia tahaka ny anilovana sy anazavan'ny Soratra Masina ny Mistery eokaristika »[114].

Izany no mahatonga ny Eglizy hatramin'izay tsy mitsahatra na oviana na oviana ny manambara « izay rehetra momba Azy ao amin'ny Soratra Masina » (*Lk* 24,27) rehefa mankalaza ny Eokaristia. Rehefa tonga tany Emaosy izy ireo, dia nanaiky ny fangatahan'ireo mpianatra roalahy Ilay Nitsangan-ko velona ka niantrano tao amin'izy ireo, nipetraka hihinana, nandray ny mofo ary nitsodrano sy nizara azy, dia nanolotra izany azy ireo. Fihetsika mitovy amin'izay asaina atao mandritra ny litorjia eokaristika ireo nataony ireo. Tamin'izay vao nahafantatra Azy izy ireo.

Raha vao nahafantatra ny Tompo tamin'ny namakiany ny mofo ireo mpianatra tany Emaosy dia talanjona sy feno hafaliana ka « lasa niverina nankany Jerosalema » (*Lk* 24,33), nanjohy ny ankohonampiainan'ny Roambinifololahy, mba hanambara fa nahita ny Tompo izy ireo. Mbola tanteraka izany rehetra izany rehefa mitanjozotra mamonjy katedraly, bazilika, fiangonana paroasialy, sns, amin'ny Andron'ny Tompo (*Ap* 1,10) ireo lehilahy sy vehivavy maro avy amin'ny foko sy fiteny ary vahoaka sy firenena samihafa (*Ap* 7,9). Ony lehibe manangona kristianina avy amin'ny toerana rehetra izy io : manomboka any amin'ireo firenena skandinavy (ireo any amin'ny faritra avaratr'i Eorôpa : Soeda, Nôrvezy, Danimarka, Islandy) ka hatrany amin'ireo manamorona ny ranomasina Mediteranea, avy any Amerika, Azia, Afrika, Aostralia. Kristianina maro mandeha tongotra, bisikilety, lamasinina, fiara fitateram-bahoaka, fiara manokana ; olona vita batemy aman'hetsiny maro mandroso, miombona eo anivom-pivoriana manodidina ny Ôtelin'ny Tompo, mba hiara-mandrafitra ny Vatan'i Kristy ao am-pon'ny tanandehibe môderna. Efa taonjato roapolo izay no nanatanterahan'Andriamanitra an'io hetsika eokaristika izay hahatratra ny tanjony tsy mifody io rehefa hihinana indray ilay mofo any amin'ny fanjakan'Andriamanitra ny taranak'olombelona.

Raha vao vita ny fankalazana dia mandray ny tanjozotra amim-pifaliana indray ireo mpino, na dia todika mifanohitra amin'ny teo aloha aza no arahiny. Miravona tsikelikely eny an-dàlana ny tanjozotra, miparitaka tahaka ny voa nafafy any anaty tany voaasa ny mpino ary miverina amin'ny asa mahazatra. Rehefa nohazavain'ny Tenin'Andriamanitra sy novokisan'ny Eokaristia izy ireo dia manoritra ao am-pon'ny tanàna ety an-tany lalam-baovao mandrafitra ny vahana miafin'ny fiainan'ny olombelona. Tahaka ny korian-dranovelona mipoitra avy ao amin'ny lafy havanan'ny Tempoly (jereo *Ez* 47,2), dia manondraka ny kianja, ny lalana, ny lalankely, ny kartie, hatrany amin'ny trano farany any amin'ny sisiny lavitra indrindra izy ireo. Dia toy izany no hiofoan'ny Eokaristia ho milina manova ny fo sy ny fiarahamonina, manorina kolontsaim-pirahalahiana : « Ny fihaonana hankalazana ny Eokaristia dia mamohafoha ao amin'ny mpianatra ny sitrapo folakevitra hanambara an-kasahiana amin'ny hafa ny zavatra rehetra nohenoina sy niainana, mba hitarihana azy ireo koa ho ao amin'io fihaonana amin'i Kristy io. Amin'io fomba io no hisokafan'ny mpianatra irahin'ny Eglizy amin'ny asa fanirahana tsy manana sisintany »[115].

[114] PAPA BENOIT XVI, Teny fanentanana Apôstôlika *Verbum Domini* [VD] na *Ny Tenin'ny Tompo* vokatry ny Sinaoda, 2010, 55.

[115] XI ASSEMBLEE GENERALE ORDINAIRE DU SYNODE DES EVEQUES, Liste finale des Propositions [Lisitra faran'ny tolokevitra] (22 ottobre 2005) n. 42; in *Echiridion Vaticanum Vol*. 23, p. 767.

8.3. Eokaristia sy fanompoana ny namana : ny diakônia ao amin'ny Eglizy

Tsy mifarana amin'ny tsodrano sy ny fampodiana akory ny fankalazana ny Eokaristia satria ny Sorona Masina dia loharano sy milina manetsika ny fiainan'ny Eglizy, indrindra eo amin'ny sehatry ny diakônia (fanompoana) izay iray amin'ireo asa fototra iantsorohany. Araka ny Foto-pampianarana mikasika ny Litorjia dia « manosika ny mpino, nivoky tamin'ny sakramentan'ny Paka, hiaina ny firaisana lavorary ny litorjia ary mirary ny hanehoan'izy ireo amin'ny fiainana izay noraisiny tamin'ny alalan'ny finoana ; ary ny fanavaozana ao amin'ny Eokaristia ny fanekempihavanana nataon'Andriamanitra tamin'ny olona dia mampiditra ny mpino ao amin'ny fitiavan'i Kristy mahavita mandodona sy mandrehitra azy ireo amin'io fitiavana io »[116].

Voarakitra ao amin'ny misterin'ny Eokaristia ny mistery rehetra mikasika ny fitiavan'Andriamanitra izay ambara sy tanteraka ao amin'ny Pakan'Ilay Zanaka Lahitokana sy ao amin'ny fanomezana ny Fanahy Masina. Manamarina izy fa ny fitiavana no tokony ho toepon'izay nandray ny Tompo tamin'ny Kômonio. Fitambarana toepo sy toepanahy maro nangalàna môdely tamin'ny fanomezan'i Kristy aloha ny fitiavana, vao asa na finiavana hanao zavatra iray.

Ao amin'ny fahatsiarovana-fankalazàna ny Paka dia teraka toy ny ankohonampiainam-panompoana ny Eglizy. Ny Eokaristia dia mampanakoako lalandava ao amin'ny ankohonampiainana ny fanasana hanatanteraka izay niveloman'i Jesoa tao amin'ny tenany, dia ny fanolorany ny tenany ho famonjena ny rehetra. Rehefa miombona amin'ny anjara voatendry ho an'ny Mpanompo ny ankohonampiainana eokaristika dia tonga mpanompo ihany koa : rehefa mihinana ilay « vatana nomena » izy dia tonga « vatan'ny Eglizy omena, vatana ho an'ny hafa, vatana atolotra ho an'ny be sy ny maro ». Rehefa manambara « ny fahafatesan'ny Tompo sy mitory ny fitsanganany ho velona eo am-piandrasana ny hiaviany » ny mpino dia manao izay hahatonga ny fiainany ho fanomezana tsy misy famahony.

Dia toy izany koa ao amin'ny zotran'ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly, ny lalànan'ny hazofijalian'i Kristy izay latsaka tamin'ny tany toy ny voa famafy mba hitondra voa be (*Jo* 12,24) no lalàna fototra. Mbola manaporofo ny tantara fa raha tsy manolotra ny tenany ny olona dia tsy afaka hampita aina. Ny hery entina mitory ny Evanjely mipoitra avy ao amin'ny Eokaristia dia manosika ny mpino hanatanteraka, ao amin'ny sehatra iainany eo anivon'ny tantara, ny fihetsik'ilay « nitia ireo olony teo amin'izao tontolo hatramin'ny farany. Nandritra ny sakafo hariva … nanomboka nanasa ny tongotry ny mpianany izy sy namafa izany tamin'ny lamba famaohana nisikinany… "Raha izaho Tompo sy Mpampianatra aza manasa ny tongotrareo, dia ianareo samy ianareo koa tokony hifanasa tongotra" » (*Jo* 13,1-5.14).

Isaka ny mankalaza ny Eokaristia isika dia aoka ho tonga saina fa ho an'ny olona rehetra ny Soron'i Kristy ary ny Eokaristia dia « manosika ny mpino tsirairay avy hanao ny tenany ho "mofo novakìna" ho an'ny hafa, ary noho izany dia hanolotena hirotsaka hampisy tontolo anjakan'ny rariny sy ny firahalahiana bebe kokoa… Ny ho tonga mofo novakìna, miaraka amin'i Jesoa, ho an'ny fiainan'izao tontolo izao no antso ho antsika tsirairay avy »[117].

Amin'ny fanompoam-pitiavana atao amin'ny mahantra, ny madinika sy ireo atao anjorombala, dia mankalaza ny Pakantsika marina isika, ilay fiampitantsika avy amin'ny fahafatesana mankamin'ny fiainana. Rehefa mivoaka ny fiangonana isika aorian'ny fampodiana, « dia manjohy ny lalan'izao tontolo izao, tsy vonton-kevitra manodoka na sanatria feno nofinofy ara-potokevitra fa mitondra ao anatintsika ny Vatan'ny Tompo… Mahatsiaro tena amim-panentrentena ho voa afafy isika ka mitahiry ny fahazoan'antoka mafy orina fa mahery noho ny ratsy sy ny herisetra ary ny fahafatesana ny

[116] *SC*, 10.
[117] *SCa*, 88.

fitiavan'Andriamanitra tonga nofo ao amin'i Kristy… »[118]. Tsy vita tokoa ny mitoetra amim-pitiavana eo anivon'ny tantara raha tsy misy Eokaristia, ary tsy azo atao ny mankalaza ny Eokaristia nefa tsy manompo ny olona amin'ny evanjelin'ny fitiavana.

8.4. Ny Eokaristia sy ny fiombonan'ny vita batemy : ny firaisan'ny Eglizy

« *Ubi eucharistia, ibi ecclesia*. Any amin'ny toerana ankalazana ny Eokaristia no misy ny Fiangonana ». Io no fitsipika fototry ny ekleziôlojia eokaristika izay hitantsika, tsy ao amin'ny teôlôjia ortôdôksa ihany, fa hitantsika amin'ny fomba hafa koa ao amin'ireo andàlana sasantsasany ao amin'ny Kônsily Vatikàna II sy ao amin'ireo teôlôjianina katôlika.

Ny Eokaristia, amin'ny maha-fanatanterahana amin'ny andro ankehitriny ny fanasan'ny fotoana mesianika, dia fiombonana amin'ny sakafo tokana sy fiantsoana na fanasàna misokatra tsy ho an'ny mpino ihany fa ho an'ny olona rehetra koa[119]. Tsy famantarana ny finoan'ny tsirairay fotsiny tokoa mantsy ny Eokaristia ; tsy hoe ankalazaina izy mba hanamafisana ny fisinganana sy ny fikombonana fa mba hanapoahana ny sakana sy hisokafana amin'ny toetra lolohalanitry ny fanasana mahavonjy. Indrisy anefa fa mbola tsy azo tanterahina ao anatin'ny toe-javatra ankehitriny ny hivorian'ny vita batemy rehetra avy amin'ny fiangonana kristianina isanisany manodidina ny latabatry ny Tompo sy handraisan'izy rehetra anjara amin'ny fanasana tokan'Ilay nitsangan-ko velona. Izany dia noho ny fizarazarana ara-tantara teo amin'ny Fiangonana, fahotàna manohitra amin'ny fomba mibaribary ny hevitry ny hazofijaliana sy ny hevitry ny mistery eokaristika.

Ireo tahirinkevitra manodidina ny Eokaristia nivoaka tamin'ireo ampolontaona farany dia nampihen-danja ny fifanoherana, izay mafy be tamin'ny andro fahiny, teo amin'ireo kristianina avy amina Fiangonana samihafa. Fifanatonana mahavelombolo no niseho teo amin'ireo sehatra tsy nahitàna afa-tsy fizarazaràna sy fifanoherana tany aloha. Atsiditsika eto izy ireny, antenaina fa noho ny Kôngresy Eokaristika Iraisampirenena, dia hanana lanjany ara-teôlôjia mivelatra kokoa izy ireny ary hahazo toerana ao amin'ny konsiansy iombonan'ny mpino.

Miavaka ary manana dikany manokana ny tahirinkevitra nitoviam-pijery mikasika ny « Batemy, Eokaristia sy Ministera » [BEM], navoakan'ny Vaomiera Finoana sy Foto-pampianarana an'ny Filankevitra Ekiomenikan'ny Eglizy (Commission Foi et Constitution du Conseil Œcuménique des Eglises) tamin'ny taona 1982. Vokatry ny fandalinana nandritra ny 50 taona io tahirinkevitra io, ary nekena ho iray amin'ireo vokatra toavin-teny indrindra eo amin'ny sehatry ny fifampiresahana marolafy. Eo amin'ny ambaratonga ambony indrindran'ny fitoviam-pijery ekiomenika izy io, ary amin'ny lafiny sasany aza dia iombonana mihitsy, mikasika ireo lohahevitra fototra nampisaraka sy mbola mampisaraka ny kristianina hatramin'ny taonjato faha XVI. Ny amin'ny Eokaristia, dia toy izao ny valinteny ôfisialin'ny Fiangonana Katôlika : « Mifanaraka amin'ny fampianarana katôlika ny rafitra sy ny ampahany mamelabelatra ireo toetra fototry ny tahirinkevitra »[120].

Nifanatona ny fijerin'ireo rahalahy tafasaraka mikasika ilay lohahevitra nampisaraka hoe : « sorona eokaristika » noho ny nampiasàna ny teny araka ny Baiboly hoe "fahatsiarovana-fankalazàna" (memôrialy) : « Fahatsiarovana-fankalazana an'i Kristy nofantsihina sy nitsangan-ko velona ny

[118] PAPA BENOIT XVI, Omelia nella festa del Corpus Domini 2011 [Toriteny tamin'ny Fetin'ny Sakramenta Masina], in *AAS* 103(2011), p. 464.

[119] Ny *Didakè* (9,4) dia efa nanatsidika an'io lohahevitra io rehefa nanazava ny hevitra ambaran'ny mofo sy ny divay ary ny fanasam-pamonjena : « Tahaka ny nanangonana ireo voambary niparitaka tetsy sy teroa teny amin'ny havoana ka tonga zavatra iray ihany, dia ity mofo novakìna ity anie, no hanangonanao ny Eglizinao avy any amin'ny faravazantany ao amin'ny fanjakànao ».

[120] MAX THURIAN (ed.), Le Chiese Rispondono al BEM *[Mamaly ny BEM ireo Eglizy]*, 6 vol., Ginevra 1986-1988. Il VI volume contiene la "Risposta" ufficiale della Chiesa cattolica *[Ao amin'ny boky faha-VI no misy ny "Valinteny" ôfisialin'ny Eglizy Katôlika]*.

Eokaristia, izany hoe famantarana velona sy mahomby ho an'ny sorona nataony, tontosa indray maka teo ambony hazofijaliana ary mbola miasa ho fanasoavana ny taranak'olombelona rehetra. Ny hevitra araka ny Baiboly momba ny "fahatsiarovana-fankalazàna" ampiharina amin'ny Eokaristia dia mampitodika amin'io fahombiazan'ny asan'Andriamanitra amin'ny andro ankehitriny io rehefa ankalazain'ny vahoakany ao amin'ny Litorjia izany. I Kristy tenany mihitsy, miaraka amin'izay rehetra notontosainy ho antsika, … no ao amin'io anamnezy io [fahatsiarovana], ka mamela antsika hiombona aminy »[121].

Mikasika ny "maha-eo tanteraka marina tokoa" na ny fisiana marina tokoa sy ny fahatanterahany ao amin'ny fankalazana, dia eken'ny BEM fa « ivon'ny fankalazana ny teny sy ny fihetsika nataon'i Kristy tamin'ny namoronana ny Eokaristia : ny fanasàna eokaristika dia ny sakramentan'ny Vatana sy ny Ran'i Kristy, sakramentan'ny fisiany marina tokoa. Tanterahin'i Kristy amin'ny fomba maro ny fampanantenany hiaraka amin'ny mpianany mandrakariva mandrapahatapitr'izao tontolo izao. Tokana aman-tany kosa anefa ny fisian'i Kristy ao amin'ny Eokaristia… Eken'ny Eglizy ny fisian'i Kristy marina tokoa, fisiana velona sy mavitrika ao amin'ny Eokaristia »[122].

Fa mbola mitoetra ho fanontaniana goavana ny fahafahana mandray kômonio any amin'ny Fiangonana hafa tsy an'ny tena, mbola tsy voavaha mantsy ny olana mikasika ny Eokaristia toy ny famantaram-piraisana sy ny Eokaristia toy ny antom-piraisana[123]. Raha zohìna akaiky ny maha-zavadehibe ny hoe famantaram-piraisana ny Eokaristia, dia sarotra ny iheverana ny fifampiantranoana Eokaristika satria tokony haneho ary hanambara firaisana efa natomboka sy ampiharina ny Eokaristia. Araka ny fampianaran'ny Eglizy katôlika sy ôrtôdôksa mantsy dia tsy fitaovana hanatanterahana ny fiombonan'ny tsirairay amintsika amin'i Kristy fotsiny ny Eokaristia fa indrindra sakramentan'ny firaiketampontsika feno amin'ny Eglizy, amin'ny finoany, amin'ny firafiny ara-tsakramenta, amin'ny zavatra takìny eo amin'ny lafiny ara-pitondrantena. Raha ny lafiny maha-antom-piraisana azy indray no jerena dia azo heverina ihany ny fandraisana kômonio any amin'ny Fiangonana hafa amin'ny tranga voafaritra mazava.

Mandritra izany fotoana izany dia mitombo sy mivoatra ny diam-piraisana, manamafy ny « ekiomenisma amin'ny fiainana » izay, eo ambanin'ny famantaran'ny hazofijaliana, manosika ny tsirairay hiaina ny fangorahana sy ny famindrampon'Andriamanitra. Miseho indrindra amin'ny fijoroana ho vavolombelon'ny finoana iainana andavanandro amin'ny alalan'ny fandinihana ny Soratra Masina izany, amin'ny asa iombonana iarahana amin'ireo vita batemy tany amin'ny Fiangonana hafa, ny firotsahana amin'ireo vondrona ekiomenika, ny fiarahamiasa ho fandalinana ny finoana sy ho fanofanana any amin'ireo ankohonampiainana samihafa Fiangonana eo an-toerana.

Eo amin'ny lafiny koltoraly dia azo atao ny mampiasa ny fankalazana iraisam-pinoana ny Tenin'Andriamanitra, ny vavaka fanamasinana ny andro, ny fivahinianana masina ekiomenika sy zavatra maro hafa. Eo amin'ny sehatry ny asa fanompoana (diakônia), dia mirotsaka amina fandraisana andraikitra iombonana maro ny kristianina sasany, indrindra indrindra satria voafetra ny fahefàna ara-bola ka voatery tsikelikely mampiray ny hery izy ireo : ivon-toerana sôsialy, fikolokoloana ny beantitra,

---

[121] COMMISSIONE FEDE E COSTITUZIONE, Battesimo, eucaristia, ministero *[Batemy, Eokaristia, Ministera]*. Documento di Lima [Tahirinkevitra tany Lima], 1982, in *Enchiridion Oecumenicum*, vol. I, Bologna 1986, p. 1411.

[122] *Ibid*, p. 1413

[123] Jereo KÔNSILY VATIKANA II, Soridàlana momba ny *Ekiomenisma* na *Unitatis Redintegratio* [UR], 8 : « Tsy azo atao ny mihevitra ny "communicatio in sacris" (fiombonana amin'ny zavamasina) ho toy ny fitaovana ampiasaina tsy misy masontsivana mba hamerenana ny firaisan'ny kristianina. Fitsipika roa no mifehy io "fiombonana" io : fanambaràna ny firaisan'ny Fiangonana ; fampandraisana anjara amin'ny fitaovana ahazoana fahasoavana. Ankoatr'izay dia voasakana izy io eo amin'ny fomba fijery anehoana ny firaisana ; indraindray anefa dia ny fahasoavana mihitsy no mampirisika ny tokony handraisana anjara. Mikasika ny fomba fiasa, rehefa avy nojerena ny zavatra rehetra momba ny fotoana sy ny toerana ary ny olona, dia anjaran'ny eveka eo an-toerana ny manapa-kevitra amim-pahamalinana, raha tsy hoe angaha ka efa misy torolàlana hafa napetraky ny Fivondronamben'ny Eveka araka ny fitsipiny manokana na napetraky ny Fiketrahana Masina ».

fitsidihana ireo fianakaviana sahirana, pastôraly any amin'ny trano fitsaboana, fitaovam-pifandraisan'ny mpiara-belona,… Ireo dia ohatra vitsivitsy ihany amin'ireo sehatra ahitàn'ny Evanjelin'ny fiombonana, izay mifanjohy amin'ny fankalazana, ny fomba iasàna sy ielezana. Ary farany, dia tsy tokony hohadinoina ny « ekiomenisma ara-panahy », izay fanahy na fon'ny zotra mankany amin'ny firaisana. Eo anivon'ny toejavatra maro samihafa dia misy lehilahy sy vehivavy notoroin'ny Fanahy Masina hevitra ka manatontosa ny « Vaovao Mahafaly » amin'ny fanaovana izay hahatsapàna ny herin'ny Evanjely any amin'ny toerana maha-osaosa ny Eglizy, miara-miaina endri-piainana araka ny evanjely sy ekiomenika ka mamorona firohotana ara-panahy iray ivavahana tsy miato ho an'ny fahatanterahan'ny firaisana[124].

8.5. Ny Eokaristia ho an'ny Fampihavanana (fihavanana)

Hoy ny mpanao Salamo mihira : « Ao aminao ny loharanoko rehetra » (*Sal* 87,7). Izay rehetra manovo amin'ny loharanon'ny Eokaristia, ny mponin'i Palestina, i Tira sy i Etiopia (jereo Sal *87*,4) ny zanaky ny firenena tsy an-kanavaka, dia ho tonga rantsan'ny Vatan'i Kristy, mponin'i Jerosalema any an-danitra sy mponin'ny tanànan'Andriamanitra (jereo *Fil* 3,20).

Ao amin'ny Eokaristia ny misterin'Andriamanitra Trinite, Ray, Zanaka sy Fanahy Masina izay mitarika ny taranak'olombelona rehetra hiditra ao amin'io fiombonana io ihany : « Tsy hoe kisendrasendra akory ny nanasongadinan'ilay sary masina tatsinanana (icône) malaza nataon'i Rublëv momba ny Trinite ny Eokaristia eo anivon'ny fiainan'ny Trinite Masina »[125]. I Kristy no ilay nandrava ny rindrina nampisaraka ny vahoaka, nanafoana ny fifandrafesan'izy ireo (*Ef* 2,14), nahatonga an'ireo rehetra mihinana ny tenany ho rantsan'ny vatany, tao amin'ny Pakany nitondra fanavotana. « Tena iray ihany isika » (*1Kor* 10,17), hoy i Md Paoly, ary « Tsy misy Jody na Grika ; tsy misy andevo na olon'afaka ; tsy misy lahy na vavy, satria iray ihany ianareo rehetra ao amin'i Kristy Jesoa » (*Ga* 3,28). Ny fanomezana an'i Kristy sy ny Fanahy Masina, izay raisintsika ao amin'ny kômonio dia « manatanteraka amim-pahafenoana lavorary ny hetahetam-piraisam-pirahalahiana ao am-pon'ny olona ary miaraka amin'izay dia manandratra ny traikefam-pirahalahiana, izay tsy afa-misaraka amin'ny fandraisana anjara iombonana amin'ny latabatry ny Eokaristia iray ihany, amin'ireo ambaratonga ambony lavitra noho ny traikefam-piaraha-miaina tsotra amin'ny samy olombelona »[126].

Tsy ho tontosa na oviana na oviana ny tena firaisana eo amin'ny samy olombelona raha tsy miorim-paka ao amin'Andriamanitra : « Aza matahotra ! Vohay, eny ataovy midanadana ho an'i Kristy ny varavarana ! Sokafy amin'ny heriny mahavonjy ny sisintanin'ny fanjakàna, ny tontolo ekônômika sy ny pôlitika, ireo sehatra midadasiky ny kolontsaina sy ny sivilizasiôna ary ny fandrosoana. Aza matahotra ! »[127].

Tsy mandrava ny fahasamihafàna eo amin'ny firenena maro akory io firaisana io. Sitraky ny Mpahary mba ho olom-piarahamonina sy hiaina eo anivon'ny tantara, ary ho tanteraka ao amina kolontsaina maro amin'ny alàlan'ny fitenin-dreny maro ny olona[128]. Tsy mba fifangaroana tsy misy lamina na kisarisarina firahalahiana andringanana izay tsy mitovy hevitra amin'ny tena mantsy ny firaisana omen'Andriamanitra fa teraka avy amin'ny fanomezan'ny Fanahy Masina izay tonga nanàfana ny fisavoritaham-pitenenana tamin'ny andron'ny Pantekôty sy manao izay hifankahazoan'ny rehetra amin'ny alàlan'io Fanahy io ihany.

---

[124] Ny amin'ireo petrak'olana rehetra ireo, jereo: L. BIANCHI, *Eucaristia ed ecumenismo. Pasqua di tutti i cristiani [Eokaristia sy Ekiomenisma. Pakan'ny Kristianina rehetra]*, Bologna 2007. W. KASPER, *Sacramento dell'unità. Eucaristia e Chiesa [Sakramentam-piraisana. Eokaristia sy Eglizy]*, (GDT 305) Brescia 2004. M. FLORIO-C. ROCCHETTA, Sacramentaria speciale I, (Corso di Teologia sistematica 8/a), Bologna 2004.

[125] Jereo *Mane Nobiscum Domine* 11.

[126] *EE*, 24.

[127] Jereo JOANY PAOLY II, « Omelia di insediamento » [Toriteny tamin'ny nandraisany ny Fiketrahana Masina ny 22 ôktôbra 1978], in *AAS* 70 (1978), pp. 944 sns.

[128] CONSEIL PONTIFICAL « JUSTICE ET PAIX », Compendium de la Doctrine Sociale de l'Eglise, 384-387.

Tamin'iny taonjato nivalona iny dia tafiditra tao anatin'ny tafiodrivotry ny tantara ny vahoakan'i Eorôpa afovoany, nifanandrina matetika teny amin'ny sahan'ady. Fa na teo aza izany rehetra izany, dia tsy hadinon'izy ireo ilay rohy lalina mbola mampiray azy ireo, izany hoe ny finoana kristianina nananan'izy ireo. Dia averina indray fa i Kristy araka izany no fanantenana tokan'io faritra iray amin'izao tontolo izao io, fanantenan'i Eorôpa manontolo sy ny taranak'olombelona manontolo, ary ny fankalazana ny Eokaristia no famantarana maneho sy fitaovana mahatanteraka ny maha-an'i Kristy an'ireo vahoaka ireo.

Nahatsapa an'izany ny Fivondronamben'ny Evekan'ireo firenena maro any Eorôpa afovoany nandritra ireo taona faramparany ireo, dia nankalaza niaraka ny Eokaristia ary nanao sonia fanambaràna iombonana ho mariky ny fihavanana[129]. « Noho ny fankalazàna ny Eokaristia dia afaka nivory nanodidina ny Tenin'Andriamanitra ireo vahoaka nifanditra, nihaino ny fanambaràm-paminaniany, nahazo famelana maimaim-poana, nandray ny fahasoavan'ny fibebahana nitondra tamin'ny fiombonana amin'ny mofo iray sy kalisy iray. I Jesoa Kristy ilay manolo-tena ao amin'ny Eokaristia no manamafy ny firaisan'ny samy mpirahalahy ary mandodona ireo mbola mifanditra mba hanafaingana ny fihavanana indray amin'ny alàlan'ny fifanakalozan-kevitra sy ny fanaovana ny rariny »[130].

Amin'io lafiny io dia fotoana tsara indrindra hanohizana ny lalana mankamin'ny fanasitranana ny fahatsiarovana[131] ny Kôngresy Eokaristika Iraisampirenena, hamelàna ny ratsy natao tamin'ny tena tamin'ny lasa sy hahitàna ao amin'i Kristy ny fihavanana feno afaka mandresy ireo hasarotana sy fakampanahy miseho amin'ny fotoana ankehitriny[132]. Ao amin'io firotsahana hihavana io dia tanteraka amin'ny fiainana izay ambarany ao amin'ny fankalazàna.

Teo am-pamakivakiana ny tantara dia naneho ny finoany ny Eokaristia tamin'ny toetra sy fomba nampiavaka azy avy ny firenena tsirairay any Eorôpa. Nampifamatotra ny vahoakan'i Eorôpa afovoany (pôlôney, tseky, slôvaky, slôveniana, krôaty, serba, hongroà, aotrisianina, okrainianina, romena, sns) ny prôsesiô fanao amin'ny fetin'ny Sakramenta Masina, ireo karipetra voahaingo voninkazo, ny fitsaohana ny Eokaristia amin'ny fomba manetriketrika, ny litorjian'ny fanatitra voamasina mialoha ary ny fetin'ny Kômonio voalohany. Nanorina ny firaisana am-panahin'i Eorôpa amin'ny fisotroana amin'ny loharano tokana ny sivilizasiônantsika. Ankehitriny, amin'izao fotoana ara-tantara iainantsika izao, dia afaka miatrika samirery ireo fanamby mihantsy azy ireo ny Eglizy any an-toerana.

Tsy hodian-tsy hita ireo ady vokatry ny zavanisy ara-tantara, kanefa hita fa mihamatotra hatrany ny fahatongavantsaina ny amin'ny firaisana, miorim-paka ao amin'ny aingam-panahy kristianina iombonana, izay manorina ireo fomba amam-panao koltoraly samihafa sy manosika ho amin'ny làlan'ny fifankatoavana ao amin'ny fifampizaràna ireo soatoavina ananan'ny tsirairay[133].

---

[129] Nitranga ohatra izany teo amin'ny Fivondronamben'ny Eveka Hongroà sy ny an'ny Sanctuaire National an'i Mátraverebély-Szentkút tamin'ny 28 jiona 2008. Nisy tahirinkevitra mitovy amin'io koa nipoitra tamin'ny taona 2003 : ny Fivondronamben'ny Evekan'i Autriche sy an'ny Repoblika Tchèque ; ary tamin'ny 2004 tamin'ny Fihaonamben'ny katôlikan'i Eorôpa afovoany tany Mariazell.

[130] XI ASSEMBLEE GENERALE ORDINAIRE DU SYNODE DES EVEQUES Propositions du Synode sur l'Eucharistie (22 octobre 2005) [Tolokevitry ny Sinaoda momba ny Eokaristia], 49; in *Echiridion Vaticanum* vol. 23, p. 771.

[131] Araka ny fiteny lalain'i Md Joany Paoly II izany. Nanodidina ny Jôbily lehiben'ny taona 2000 no nipoiran'io teny io. Jereo Tertio Millenio Ineunte 33–35.; Incarnationis Mysterium (1998), 11.

[132] Ireo fototra ara-teôlôjian'ny lalan'ny fampihavanana dia azo jerena ao amin'ny COMMISSION TEOLOGIQUE INTERNATIONALE, *Mémoire et Réconciliation. L'Eglise et les fautes du passé [Fahatsiarovana sy Fampihavanana. Ny Eglizy sy ireo hadisoan'ny fahiny]*, 2002. Hita ao amin'ity adiresina tranonkala ity ny lahatsoratra feno http://www.vatican.va/roman_curia/congregations/cfaith/cti_documents/rc_con_cfaith_doc_20000307_memory-reconc-itc_it.html.

[133] *EEu*, 4.

Izany rehetra izany dia mitombina ho an'ireo rahalahintsika *rom* (mpifindra monina avy any Eorôpa atsinanana nankany Eorôpa andrefana, mazàna tsy manana toeram-ponenana raikitra ary manao asa madinika etsy sy eroa) izay manana ho mpiaro an'i Ceferino olontsambatra, lehilahin'ny finoana eokaristika. Niharihary io finoana io tamin'ny taona 1965 nandritra ny fivahiniana masina nanoloran'izy ireo "*ostensoir*" vita tamin'ny tariby ho an'ny Papa Paoly VI, ho fahatsiarovana ireo namany *tsiganina* (fomba iray iantsoana ny *rom*, matetika hanondroana ireo hongroà sy mponin'ny Repoblika Tchèque) novonoina tany amin'ny toeram-pampivangongoana babo an'ny nazista.

Efa ho taonjato iray izao no nilazan'i Martin Buber fa mitoetra ho velona ny sivilizasiôna iray raha toa ka mbola mifandray amin'ny mistery velona nipoirany[134]. Teraka avy amin'ny misterin'i Kristy ny sivilizasiônan'i Eorôpa.

Tokony hiverina any amin'io loharano isika, handray ny antson'i Md Joany Paoly II hoe : « [Ry Eorôpa], tamin'ireo taonjato maro dia nandray ny raki-tsarobidin'ny finoana kristianina ianao. Izy no nanorina ny fiainanao ara-tsôsialy teo ambonin'ireo fitsipika fototra nosintonina avy amin'ny Evanjely, ary hita taratra ao anatin'ny zavakanto, ny literatiora, ny hevitra sy ny kolontsain'ireo firenenao izany. Tsy an'ny lasa fotsiny ihany akory io lova io ; vina ho an'ny hoavy ampitaina amin'ireo taranaka mbola ho avy izy io satria lasitry ny fiainan'ny olona sy ny vahoaka izay nanangana niaraka ny Kôntinanta eorôpeanina[135].

9. AVE VERUM CORPUS NATUM DE MARIA VIRGINE – ARAHABA RY VATANA MARINA NATERAK'I MARIA VIRJINY

Ao amin'ny toko faran'ny taratasy ansiklika *Ecclesia de Eucharistia [Mivelona amin'ny Eokaristia ny Eglizy]* (17 avrily 2003), dia manasa ny mpino "ho ao amin'ny sekolin'i Maria, vehivavy eoakristika" i Md Joany Paoly II. Ambarany fa « rehefa mijery an'i Maria tahaka ny ijereny ny môdeliny ny Eglizy, dia antsoina haka tahaka azy koa amin'ny fifandraisany amin'io mistery masina indrindra io »[136] ary manamafy fa rehefa manaraka ny diany isika dia ho afaka hankalaza sy hiaina ny mistery eokaristika, « ny rakitsoan'ny Eglizy, ny fon'izao tontolo izao, ny antoky ny fiafaràna irin'ny olona tsirairay na tsy amim-pahatongavantsaina aza »[137].

Ny fifandraisana lalina eo amin'i Maria sy ny Eokaristia, dia apetraka voalohany indrindra ao amin'ny tontolon'ny toko fahavalon'ny Foto-pampianaran'ny Kônsily momba ny *Fiangonana Fahazavan'izao tontolo izao*, izay milaza fa « noho ny fandraisany anjara miavaka amin'ny tantaram-pamonjena, dia mampiray sy ahitàna taratra ireo zavadehibe indrindra momba ny finoana i Maria »[138]. Anisan'ireo zavadehibe indrindra ireo ny Eokaristia, misterin'ny finoana faratampony.

Torak'izany koa dia tsy mety ho azo ny fampahafantarana an'i Maria ho toy ny "vehivavy eokaristika", ohatra velona ho an'ny ankohonampiainana kristianina, raha tsy miainga amin'ny fampianaran'ny Aban'ny Eglizy soritan'ny Kônsily mikasika an'ilay Virjiny Reny "môdelin'ny Eglizy" amin'ny « finoana, fitiavana, fiombonana lavorary amin'i Kristy »[139]. Nampiharin'ny Fanentanana Apôstôlika *Marialis cultus [Fombam-pivavahana fanajàna an'i Maria]* nosoratan'ny Papa Paoly VI ao amin'ny litorjia ankalazaina sy iainana io fampianarana io, akàna tahaka an'i Maria « môdelin'ny toepanahy entin'ny Fiangonana mankalaza sy miaina ny misterin'Andriamanitra »[140]. Avy eo io tahirinkevitra io dia manohy amin'ny fanolorana ho môdely an'i Maria ilay « Virjiny mihaino…, mivavaka…, reny…,

[134] M. BUBER, *Prolusione a Francoforte [Lahateny fanokafana tany Francfort]*, 1922.
[135] *EEu*, 120.
[136] *EE*, 53.
[137] *Ibid*, 59.
[138] *FF* na *LG*, 65.
[139] *FF* na *LG*, 63.
[140] PAOLY VI, Fanentanana Apôstôlika *Marialis Cultus* 1974, 16.

manolotra » (*MC* 17-20) sy amin'ny fanoritana ny fisiany ao amin'ny Soron'ny Eokaristia tanterahin'ny Eglizy miaraka amin'ny olomasin'ny lanitra, ary indrindra, miaraka amin'i Maria Virjiny sambatra »[141].

Hitan'ny ankohonampiainan'ny mpino ao amin'i Maria "vehivavy eokaristika" ny sariny tsara indrindra ary mibanjina azy ho toy ny môdelim-piainana eokaristika tsy azo soloina izy. « Noho izany rehefa mivonona mialoha handray eo ambonin'ny Ôtely ilay "Vatana marina naterak'i Maria Virjiny" ny pretra, dia miteny amin'ny anaran'ny vahoaka mankalaza ny Litorjia amin'ny tenin'ny Vavaka Fisaorana hoe : "Mahatsiaro sy manaja an'i Maria Virjiny be voninahitra, Renin'ny Andriamanitray sy Tomponay Jesoa Kristy izahay" » (*SCa*, 96). Dia antsoina ny anarany masina ary hajaina, eny fa na ao amin'ny Vavaka Fisaoran'ny lovampanahy kristianina tatsinanana aza.

« Izy no *Tota pulchra*, ilay kanto manontolo, satria manjelatra ao aminy ny famirapiratan'ny voninahitr'Andriamanitra. Fitaratra mahatokin'ny hakanton'ny litorjia any an-danitra izy, hakantoana izay tokony ho hita taratra ihany koa ao amin'ny fivoriantsika »[142]. Ireo mpino indray, rehefa miezaka hanao ny anjarany hananana ireo fihetsehampon'i Masina Maria, dia mianatra ny ho tonga olona eokaristika sy olona araka ny Eglizy ka hanampy ny ankohonampiainana manontolo hiaina toy ny fanatitra velona, ankasitrahin'ny Ray mba hijoroany « tsy manantsiny » eo anatrehan'ny Tompo, araka ny sitrapony (jereo *Kol* 1,21 ; *Ef* 1,4).

Ny Fiangonana izay « miray tanteraka amin'i Kristy sy amin'ny Sorony ao amin'ny Eokaristia, amin'ny fandraisana ho azy ny toepanahin'i Maria »[143], dia mihira miaraka aminy ny *Magnificat* (Tononkiran'i Maria) araka ny fomba fijery eokaristika : toepanahy eokaristika marina mantsy ny fideràna sy ny fisaorana, ny fahatsiarovana ireo zavamahagaga notanterahin'Andriamanitra tao amin'ny tantaram-pamonjena, ny fitodihana eskatôlôjika mankamin'ny lanitra sy tany vaovao izay manana tsimoka ao amin'ny fiainan'ireo manetry tena asandratr'Andriamanitra. Tahaka an'ilay mahantran'Iahve sy Mpanompovavin'ny Tompo, dia manohy mampitodika ny mpianatry ny Zanany any amin'ilay fomba eokaristika hanolorana ny tena sy hanaovana fanompoana i Maria.

Enga anie ny Fanahy Masina, noho ny fanelanelanana ataon'i Maria Virjiny Sambatra, handrehitra ao amintsika ny hafanampo niainan'ireo mpianatra tany Emaosy (jereo *Lk* 24,13-35) sy hanavao ao amin'ny fiainantsika ny figagàna eokaristika noho ny famirapiratana sy ny hakantoana manjelatra ao amin'ny fombafomba litorjika, famantarana mahombin'ny Pakan'i Kristy sy toeran'ny voninahitr'Andriamanitra. Nitsangana ireo mpianatra ireo ary niverina nankany Jerosalema mba hizara hafaliana amin'ireo rahalahy sy anabavy ao amin'ny finoana. Ny tena hafaliana dia ny mahafantatra fa mitoetra miaraka amintsika ny Tompo maty sy nitsangan-ko velona, namana mahatoky eny an-dàlana izorantsika sy mijoro ho toy ny olona miara-miaina amintsika ao amin'ny misterin'ny Eglizy, Vatany[144].

Vavolombelon'io misterim-pitiavana io isika, feno hafaliana sy zavamahagaga, ka manohy ny fihaonana amin'ny Eokaristia, mba hiainana sy hitoriana amin'ny hafa ny fahamarinan'ny teny nampiasain'i Jesoa fony izy nandao ny mpianany hoe : « Indro aho eo aminareo mandrakariva mandrapahatapitr'izao tontolo izao » (*Mt* 28,20).

[141] *MC*, 20.
[142] *SCa*, 96.
[143] *EE*, 58.
[144] Jereo *SCa*, 96-97 ny amin'ireo hevitra farany ireo.